

ANDRIAMANITRA ALOHA

HERINANDRO
FIFOHAZANA DESAMBRA 2021
FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

FANOROAN-TAKILA

FAMPIDIRANA	2
ANDRO 1: NY RAHARAHAN'NY RAIKO	3
ANDRO 2: TSY MAINTSY ARODANA NY MANDA	7
ANDRO 3: NOVIDINA LAFO	10
ANDRO 4: IREO MPANAMORA NY FANANANA FIJERY VAOVAO	14
ANDRO 5: MAMETRAKA ILAY ANDRON'ANDRIAMANITRA HO LOHALAHARANA	18
ANDRO 6: FIFANEKENA MANDRITRA NY ANDROM-PIAINANA	22
ANDRO 7: MALALA-TANANA ... NA DIA MAHARARY AZA IZANY	26

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrarin'ny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel: 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
E-mail: impriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: 498-D/11.21
Ny Natonta: 5797 isa

FAMPIDIRANA

Ny hoe “Andriamanitra aloha” dia tsy lohatenin’ity taridalana ho an’ny herinandro fifohazana ity ihany, fa maneho ihany koa ny foto-pinoana sy ny fitondran-tenan’izay rehetra manaiky an’i Jesôsy ho Tompony sy mifidy ny hanome voninahitra Azy eo amin’ny fiainany. Noho izany antony izany dia nanjary teny filamatry ny Departemantan’ny Fitantanam-piainana Kristianina any amin’ny Foibe maneran-tany ny hoe “Andriamanitra aloha,” ary nanjary fitsipika iray manan-danja ao amin’ny paikady arahiny izany. Eo amin’izay rehetra ataontsika (tafiditra ao anatin’izany ity Herinandro fiaraha-mivavaka ity), dia fanirianay indrindra ny hanaovan’ny tsirairay an’Andriamanitra ho lohalaharana.

Araka izany, tsy fitambarana toriteny mikasika ny fitantanam-piainana, izay nangonina tamin’ny fomba anjoanjo tsy akory ity taridalana ho an’ny Herinandro Fifohazana ity. Ny tanjony dia ny hitaona ny olona hanapa-kevitra hanao an’Andriamanitra ho lohalaharana eo amin’ireo lafiny fito amin’ny fiainam-panahiny. Ny filaharan’ireo lohahevitra ao anatiny dia mifototra amin’ireo teboka fito manamarika ny fanapahan-kevitra, izay azo heverina ho dingana ao anatin’ilay dia miroso ho amin’ny fifandraisana lalina kokoa amin’Andriamanitra. Tokony hahatonga antsika hitoky mandrakariva amin’ny Tompo io dia io raha ataontsika amim-pinoana.

Tsy mety anefa raha toriana fotsiny ireo toriteny ireo. Tsy maintsy iainan’ny mpitory teny izany mialoha ny hahazoany mampianatra azy amim-pahefana amin’ny fiangonana. Koa satria toetra manan-danja tokony hananan’ny mpitory teny ny fahatokiana, dia tokony hifonany amin’i Jesôsy avokoa aloha izay rehetra mety ho tsy fahamendrehana eo amin’ny fiainany ankapobeny, na eo amin’ireo lafiny manokana voaresaka ato amin’ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, izay izy vao afaka manasa ny olona hanapa-kevitra ho an’i Jesôsy. Tsy misy polipitra na toerana toy izany ao amin’ny fiangonana ka afaka manome fahefana ara-panahy ny mpitory teny raha tsy efa nodiovin’i Jesôsy sy nohamarininy izy, amin’ny alalan’ny fanekenany amim-pinoana ny nahafatesan’i Jesôsy teo amin’ny toerany.

Fantatry ny evanjelisitra tsara, na iza izy na iza, fa tsy ampy ny manambara fotsiny ny fahamarinana. Tsy maintsy manao antso ho amin’ny asa sy fanapahan-kevitra koa izy ireo. Misy antso ao amin’ilay fizarana hoe “Ny voadiko,” izay aorian’ny famaranana. Koa raha hitory ireo teny ireo ianao dia mivavaha mba handaitra izany antso izany noho ny asan’ny Fanahy masina, ao am-ponao voalohany indrindra, ary avy eo ao am-pon’ny olona. Mivavaha mba ho mpitondra tenin’i Jesôsy ianao, izay manasa ny olona hamolavola fifandraisana ety Aminy ao anatin’ny tsirairay avy amin’ireo fampiharana fito.

Eto am-pamaranana dia tiako ny hisaotra an’i Aniel Barbe, Tale mpanampy ao amin’ny Departemantan’ny Fitantanam-piainana Kristianina ao amin’ny Foibe maneran-tany, noho ny fotoana sy ny hery nolaniany teo am-panomanana ity taridalana mahaso a ity. Ankasitrahana ihany koa i Dr. Peter Landless, Talen’ny Departemantan’ny Fahasalamana ao amin’ny Foibe maneran-tany; izy no nanoratra ny toriteny fahatelo mikasika ny fahasalamana. Ho lohahevitra manan-danja mandrakariva izany ao anatin’ny fitantanam-piainana satria tsy mety hisy ny fifohazana sy ny fanavaozana eo amin’ny fainantsika ara-panahy raha tsy misy fifohazana sy fanavaozana koa eo amin’ny fahazarantsika ara-nofo.

Ny Tompo anie hampiasa anao sy ity taridalana ity ho fitaovana eo am-pelatanany hahazoana mamonjy ny olona!

Marcos Faiock Bomfim
Departemantan’ny Fitantanam-piainana Kristianina Foibe maneran-tany



ANDRO 1

NY RAHARAHAN' NY RAIKO

Mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny fanokanana fotoana anaovana fiankohofana.

Lio. 2:41-49

Fomba fanao tamin'ny andro fahiny, ho an'ny zanaka lahy, ny mianatra sy manao ny raharahan'ny rainy. Raha toa ny rainao ka mpanarato, na mpanefy, na mpandrafitra, na tantsaha, na koa mpisorona dia azo heverina fa hanao toy izany koa ianao any aoriana any. Efa niova tokoa ny toe-javatra ankehitriny fa tsy toy izany intsony. Lehiben'ny mpahandro no asan'ny raiko kanefa menatra aho raha hilaza fa manendy atody sy mikarakara paty mora masaka ary ny manafangaro legioma atao lasary no hany haiko. Isaorana Andriamanitra fa tsy tahaka izany i Jesôsy; nanana fanoloran-tena ho an'ny raharahan-drainy Izy. Hitantsika ao amin'ny Lio. 2:49 ny hoe: “*Nahoana no nitady*

Ahy hianareo? Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto amin'ny raharahan'ny Raiko Aho?” (naoty eny ambany ao amin'ny Baiboly). Araka ny fijeriny dia tsy zavatra azony navela ny fanaovana ny raharahan'ny Rainy fa adidy izay niriany hotanterahina. Mbola nitoetra telo andro tany Jerosalema i Jesôsy mba hanao ny raharahan'ny Rainy. Inona ny lesona azontsika ianarana avy amin'i Jesôsy tamin'ny faha-12 taonany mikasika ny fanaovana ny asan'ny Raintsika?

Ny raharahan'ny Raiko

Mahaliana ny tsy fahitana ny teny hoe “raharaha” ao amin'ny lahatsoratra niaingana. Nampian'ny mpandika teny izany mba hitondra hevitra mazava

kokoa amin'ny tenin'i Jesôsy. Raha tsy izany dia ho tahaka izao ny vakin'izany: “ho eto... Raiko.” Rehefa ifotorana ny tontolonkevitra dia hitan'ny mpandika teny fa tsara ny hampidirana ny teny hoe “raharaha”: “eto amin'ny (raharaha)n'ny Raiko.” Dikanteny roa no azo tsoahana avy amin'izany fanampiana izany: “eto amin'ny raharahan'ny Raiko” na “eto an-tranon'ny Raiko.”

Ny dikanteny mampiasa ny teny hoe “eto amin'ny raharahan'ny Raiko” dia mifantoka amin'ny asa izay nataon'i Jesôsy. Ny dikanteny mampiasa ny hoe “eto amin'ny tranon'ny Raiko” kosa dia mifantoka amin'ny toerana nandanian'i Jesôsy ireo

telo andro ireo. Tsy maintsy hazonintsika ireo heviny roa ireo mba hahatakarantsika amin'ny fahafenoany ny hoe "raharahan'ny Raiko": tao an-tranon'ny Rainy i Jesôsy ary nanao ny asan'ny Rainy.

Mipetraka, mihaino ary manontany

Rehefa mieritreritra momba an'i Jesôsy mbola zaza izay nanao ny raharahan'ny Rainy isika dia matetika no maka sary an-tsaina Azy mamaly fanontaniana sy mizara ny fahalalany amin'ireo mpisorona sy ireo mpihaino. Io fotoana nahitana an'i Jesôsy, vao 12 taona, tao amin'ny tempoly io anefa dia ahitana filazalazana mazava kokoa momba izay nataon'i Jesôsy raha nanao ny raharahan'ny Rainy Izy.

Izao no hitantsika ao amin'ny Lio. 2:46-47, "*Ary rehefa afaka hateloana, dia hitany teo ankianjan'ny tempoly Izy nipetraka teo afovoan'ny mpampianatra ka nihaino sady nanontany azy. Ary talanjona izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalany sy ny famaliany.*"

Miresaka ny amin'ny zavatra nataon'i Jesôsy ny and. 47: nizara ny fahalalany sy namaly fanontaniana Izy. Ao amin'ny and. 46 anefa no manomboka ny filazalazana ny amin'izay zavatra nataony raha nanao ny raharahan'ny Rainy Izy. Andiana matoanteny hafa no ampiasain'i Lioka ao: mipetraka, mihaino ary manontany fa tsy mampianatra sy mamaly fanontaniana. Nipetraka kokoa ve no nataony mihoatra noho ny nanao zavatra hafa? Nihaino kokoa ve no nataony mihoatra noho ny niresaka? Nanontany kokoa ve no nataony mihoatra noho ny namaly? Tsy fantatsika izany; fa izany rehetra izany dia anisan'ny fanaovana ny raharahan'ny Rainy avokoa.

Ampahan'asa roa no mandrafitra ny fanaovana ny raharahan'ny Ray: miasa ho an'ny Ray ary koa mankeo amin'ny fanatrehan'ny.

Matetika isika rehefa miresaka momba ny fanaovana ny raharahan'Andriamanitra dia ny fampianarana, ny fitorian-teny, ny fanasitranana ary ny fanomezana no lazaintsika amin'izany. Manasa antsika anefa mba hifantoka fotoana fohy amin'ny fankanesana eo amin'ny fanatrehan'ny Ray amin'ny alalan'ny fipetrahana sy ny fihainoana ary ny fametrahana fanontaniana.

Mipetraka

Ampitaina ao amin'io teny io ny hevitra ny hoe mandalina, mandinika, ary misaintsaina ny amin'izay mitranga manodidina Azy. Izao no fanazavan'i Ellen White mikasika izany fihetsika nataon'i Jesôsy izany: "*Nangina sady variana Izy ka toa nandinika zava-tsarotra lehibe. Niharihary teo amin'ny Mpamonjy ny zavamiain'ny asa nanirahana Azy. Revo nibanjina ireo toe-javatra ireo Izy ka tsy nijanona teo akaikin'ny ray aman-dreniny. Nitady ny ho irery Izy.*" - IFM, t. 65.

Tsy ankafizin'ny maro ny fihetsika toy izany ao anatin'ny tontolo mifamahofahon'ny kolontsaina môderina. Ireo mpiasa maro ahiana, olona mahay mandaha-teny ary ireo voahodidin'ny vahoaka maro sy arahiny no hindrahindrana ankehitriny. Samy hafa tanteraka amin'izay nomen'i Jesôsy lanja ny zavatra manan-danja amintsika! Nipetraka tamimpahanginana Izy, nifantoka amin'ny fandinihan-tena, nitokana niaraka tamin-dRainy. Nanao ny raharahan-dRainy Izy raha nipetraka tamim-pilaminana aloha.

Ny fipetrahana amimpahanginana, na koa ny fahanginana eo amin'ny Fanatrehan'ny, dia zava-manandanja eo amin'ny fanaovantsika ny raharahan'ny Ray.

Manasa antsika ny mpaminany Habakôka mba hanao tahaka izay nataon'i Jesôsy ao amin'ity fanandramana ity: "*Jehovah dia ao amin'ny tempoliny masina; Mangina eo anatrehan'ny ry tany rehetra!*"- Hab. 2:20. Izao no hitantsika ao amin'ny Sal. 46:10, "*Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra.*"

Mihaino

Nanao ny raharahan'ny Rainy ihany koa i Jesôsy raha nanokana fotoana hihainoana ny fampianaran'ireo mpanoradalàna sy ireo manam-pahaizana momba ny lalàna. Ny matoanteny "mihaino" dia manondro ny faniriana hahatakatra sy hianatra fa tsy handre fotsiny izay voalaza. Nisy efitra tao amin'ny tempoly, tamin'izany andro izany, izay natokana ho efitrano fianarana. Nipetraka teo ambony dabilio iva ny sasany tamin'ireo mpianatra, teo amin'ny tany kosa ireo zandriny indrindra, nipetraka ara-bakiteny "teo an-tongotry" ny mpampianatra azy. Amin'ny maha-zazalahy kely 12 taona an'i Jesôsy dia azo antoka fa tahaka izany no fomba nipetrahany. Izao teny izao no nilazalazan'i Ellen White ny fihetsiny: "*Toy ny olona mangetaheta ny fahalalana an'Andriamanitra Jesosy.*"- IFM, t. 66.

Naneho ohatra ho an'ireo mpanara-dia Azy i Jesôsy amin'ny maha-Tenin'ny fiainana sy Fahendrena tonga nofo Azy: "mangetaheta ny fahalalana an'Andriamanitra". Moa ve isika mihaino sy maniry hanana fahalalana an'Andriamanitra sa

efa afa-po amin'izay fahalalana ivelambelany sy maivamaivana nianarantsika tany aloha?

Ambaran'ny Lio. 11:28 amintsika ny hevi-dehibe asongadin'i Jesôsy amin'ny filazana ny fanoharana momba ireo olona nanorina trano - ny iray nanorina teo ambonin'ny fasika ary ny iray nanorina teo ambonin'ny vatolampy: *“Fa Izy nanao hoe: Eny tokoa, kanefa mainka sambatra aza ny mihaino ny tenin'Andriamanitra ka mitandrina izany.”* Ny fandrenesana ny tenin'Andriamanitra sy ny fanaovana araka izany no mason-tsivana nampiasain'i Jesôsy mba hanavahana ny hendry amin'ny adala. Ny fanokafana ny bokin'ny Apôkalipsy dia milaza ny mahazava-dehibe ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra satria efa antomotra ny farany: *“Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny; fa antomotra ny andro.”* - Apôk. 1:3.

Manontany

Mikatsaka fahalalana lalindalina kokoa ary mitady fanazavana na koa fahatakarana izay manontany. Fikatsahana ny hahalala bebe kokoa no anton'ny fanontaniana. Iza no ambaran'i Ellen White mikasika ny toetry ny fanontanian'i Jesôsy: *“Tahaka ny olona nitady fahendrena Izy ka nametraka fanontaniana tamin'ireo mpampianatra mikasika ny faminaniana sy ny toe-javatra nitranga tamin'izany fotoana izany izay manondro ny fiavian'ny Mesia.”* - IFM, t. 66.

Manasa antsika hifandray akaiky Aminy Andriamanitra mba hananantsika fahalalana lalindalina kokoa. Hoy ny Jer. 33:2-3, *“Iza no lazain'i Jehovah, Mpanao izany, dia Jehovah Izy*

namorona izany mba hampitoetra azy; Jehovah no anarany; antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao.”

Ny fanandraman'i Daniela mpaminany, izay voafidy taorian'i Jeremia, dia milaza amintsika ny fahavononan'Andriamanitra hamaly ny fanontaniantsika rehefa sahy manontany isika. Hoy i Daniela: *“Raha mbola niteny nivavaka aho, dia, indro, ilay lehilahy Gabriela izay hitako tamin'ny fahitana voalohany, dia nampanidinina faingana ka nanatona ahy tokony ho tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva. Ary izy nampahalala ahy sy niresaka tamiko ka nanao hoe: Ry Daniela ô, avy hampahazava saina anao aho.”*- Dan. 9:21,22. Mametraha fanontaniana, hoy Andriamanitra, dia hasehoko anao ireo zavamiaina.

Ilaintsika ankehitriny ny fanazavana mikasika ny vanimpotoana iainantsika, tahaka an'i Daniela tamin'izany andro izany. Ahoana no hahatakarantsika ireo toe-javatra rehetra mitranga manodidina antsika? Anontanio Andriamanitra dia homeny fahalalana sy fahatakarana ianao.

Raha 12 taona i Jesôsy, tao amin'ny tempolin'i Jerosalema, dia nisafidy ny hipetraka sy hihaino ary hanontany. Tahaka izany no nanaovany ny raharahan'ny Rainy.

Mikatsaka ny fanatrehany

Inona no mety nandrisika an'i Jesôsy, zazalahy kely 12 taona, hijanona kanefa ireo ray aman-dreniny sy ny namany efa niverina nankany Nazareta? Nafoiny ny fifaliana sy ny fiarahana amin'ny namana mandritra ny dia ka naleony nijanona tao amin'ny tempoly. Tsy tahaka an'i Jesôsy isika fa mora mitaraina rehefa tsy afaka mifaly miaraka amin'ny hafa satria tsy maintsy mankao am-piangonana mandritra ny ora vitsivitsy na mankeo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Rehefa mamaky ny tenin'ny mpanao Salamo aho dia takatro kokoa ny safidy nataon'i Jesôsy:

“Fa ny indray andro eo ankianjanao dia tsara noho ny arivo; aleoko mipetraka eo amin'ny tokonam-baravaran'ny tranon'Andriamanitra, toy izay mitoetra ao an-dain'ny ratsy fanahy.” - Sal. 84:10.

Araka io Salamo io dia misafidy ny ho ao amin'ny tempoly isika, tsy noho ny marbra tsara tarehy



sy ny vato sarobidy ao fa noho ny maha- “tabernakelin’i Jehôvah” izany (and. 1). Nangetaheta ny fanatrehan’Andriamanitra i Jesôsy, naniry hikambana amin-dRainy Izy. Izany no antony mbola nijanonany tao amin’ny tempoly.

Mampiasa sary hafa ny Sal. 84, sary ara-jeôgrafia izany, izay nanamarina ny safidin’i Jesôsy ny hitoetra tao amin’ny tempolin’Andriamanitra: “*Raha mandeha mamaky ny lohasaha Baka izy, dia ataony misy loharano izany, ary ny loharana manarom-pitahiana azy.*”- and. 6. Lohasaha nanakaiky an’i Jerosalema i Baka - ary ny hoe “Baka” dia midika ihany koa hoe “ilay toerana fitomaniana.” Ireo izay tia mitoetra ao amin’ny tempoly dia mahazo hery hanovana ny zava-misy, na ny zava-misy sarotra indrindra aza, eo amin’ny fiainany manokana sy eo amin’ny fiainan’ny hafa. Tahaka ny lohataona mamelombelona sy ny oram-pararano izay mitondra fiainam-baovao ny asa ataon’izy ireo.

Moa ve ny olona mitomany noho ireo toe-java-tsarotry ny fiainana, ny famoizana samihafa ary ny aretina? Ireo izay mipetraka sy mihaino ary manontany dia loharano manome fankaherezana sy fanohanana ary fanantenana sy faharisihana. Izany no asan’i Jesôsy ary asantsika ihany koa.

Famaranana

Nirotsaka tamin’ny fanaovana ny raharahan’ny Rainy i Jesôsy tamin’ny alalan’ny fampianarana, ny fitoriany teny, ny fanompoana ary ny fanolorany ny Tenany. Filazalazana tsara mikasika ny fiainany teo anivon’ny olona izany, saingy tsy feno izany raha ny fanaovany ny raharahan’ny Rainy no resahina. Nipetraka ihany koa Izy, nihaino ary nametraka fanontaniana. Izany no fototra iorenan’ny asany sy ny fanompoany feno fahafoizantena. Asehon’i Jesôsy antsika fa tsy maintsy mipetraka isika ary mihaino sy mikambana amin’ny Raintsika mba hahafahantsika manatontosa ny raharahany. Arakaraka

ny ibanjinantsika sy ihainoantsika ary ivavahantsika no hitomboan’ny fanahafantsika ny Ray. Hiaina izany fanandramana izany tokoa anie isika mandritra ity herinandro fifohazana ity.

Hosaintsainina

- Inona ny fanandramanao manokana mifandraika amin’ny fipetrahana sy fihainoana ary fametrahana fanontaniana teo amin’ny fiainanao?

- Inona no manakana antsika tsy hiaina ny fanandraman’ny fipetrahana sy fihainoana ary fametrahana fanontaniana?

- Ahoana no handresentsika izany?

Ny voadiko: Raha vao mifoha dia hanokana fotoana hifandraisana amin’ny Tompo amin’ny alalan’ny vavaka sy ny fianarana ny Baiboly, ny fanahin’ny faminiana, ny leson’ny Sekoly Sabata ary ny fotoam-pivavahan’ny mpianakavy.

ANDRO 2

TSY MAINTSY ARODANA NY MANDA

Mametraka an'Andriamanitra ho lohalarana amin'ny fanaovana ny hafa hialoha ny tena

Lio. 19:1-9

Nytantaran'i Zakaiosy tao Jerikô dia tantaran'ny firodanan'ny manda. Resahina ao amin'ny Lio. 19:1-8 ny fomba nirodanan'ny mandan'ny fisarahana teo amin'ny fiainan'i Zakaiosy, sy ny fomba namitranany fihavanana tamin'Andriamanitra sy tamin'ny hafa. Feno torohevitra ny tantarany ho an'izay rehetra maniry hanana fifandraisana tsara kokoa.

I Zakaiosy sy ilay tanàna mimanda

I Zakaiosy dia nonina tao amin'ilay tanàna fahiny, izay babo voalohany indrindra rehefa avy niampita ny ony Jordana i Josoa sy ny Isiraelita. Toerana manantantara tokoa izany. Nalaza indray

ity tanàna ity tamin'ny andron'i Zakaiosy. Nanana fonenana tao i Herôda Lehibe, izay nitoerany nandritra ny ririnina, ka tao izy no maty tamin'ny taona 4 talohan'i Kristy. Tanàn-dehibe nanan-karena io tanàna io noho ny famokarany voan'ny "palmier", antsoina hoe "dattes" na hazo palma, divay, zava-manitra, ary hanitra maro. Tsara toerana ilay tanàna, izay teo afovoan'ny tambajotram-pifamoivoizan'i Palestinina fahiny, ary izany no tena nampalaza azy. Samy nandalo teo Jerikô avokoa na mpivarotra, na miaramila, na mpivahiny, ary nohararaotin'i Zakaiosy mpamory hetra izany toe-javatra izany.

Toy izao no anehoan'ny filazantsaran'i Lioka an'i Zakaiosy:

"Nisy lehilahy atao hoe Zakaiosy, izay lehiben'ny mpamory hetra sady nanan-karena." – Lio. 19:2. Ny anarany dia nanambara fa Jiosy ara-pirazanana izy, saingy noho ny asany dia manam-pahefana rômanina izy. Nanahirana sy sarotra tokoa ny toerana nisy azy vokatry'izany. Mpamadika no nandraisan'ny Jiosy azy ary nankahalaina izy noho izany. Tsy navela handray anjara teo amin'ny fiainan'ny fiangonana tao amin'ny synagôga teo an-toerana izy. Voailikilika izy na teo amin'ny fiarahamonina na teo amin'ny fivavahana. Nahoana moa no hisy olona haniry hiaritra fandavana toy izany? Mety ho hita ao amin'ilay famaritana farany an'i Zakaiosy ny valiny: *"nanan-karena"* izy. Nataony sorona ny fifandraisany



teo amin'ny fiarahamonina noho ny vola aman-karena. Toa olona tafita amin'ny fiainana ny fahitana ivelany an'i Zakaiosy; toa nahatratra ny tanjony izy ka tonga mpanan-karena. Tafakatra teo amin'ny laharan'ny lehiben'ny mpamory hetra izy. Nahomby i Zakaiosy. Mety hanampo isika fa sambatra izy teo anivon'izany harena sy fahombiazana izany. Kanefa toa nisy zavatra tsy ampy teo amin'ny fiainany. Tsapany ho nisy banga tokony hofenoina izany. Iza no voalaza ao amin'ny and. 3 sy 4, “*Ary nitady hahita izay Jesosy izy, kanefa tsy afaka noho ny habetsahan'ny olona nifanety, satria fohy izy. Dia nihazakazaka nialoha izy ka nananika aviavy hizaha an'i Jesosy; fa efa handalo tamin'izany lalana izany Izy.*”

Toy izao ny fanazavan'i Ellen G. White ny fanirian'i Zakaiosy hahita an'i Jesôsy:

“*Ilay manamboninahitra nanankarena tao amin'ny fanangonan-ketra anefa dia tsy olon'izao tontolo izao mafy fo araka izay fijery azy tsy akory. Nosaronan'ny endrika araka izao tontolo izao sy ny avonavona ny fo azon'ny herin'Andriamanitra niasana. (...) Naniry mafy ny hahita ny endrik'Ilay nitondra fanantenana tao am-pony tamin'ny teny nataony ilay lehiben'ny mpamory hetra.*” – IFM, t. 588.

Tsy nahafaka ny tsy fananany fanantenana ny vola aman-kareny. Fifandraisana hafa tsy tahaka ny ananany amin'ny zavatra

materialy no nirin'ny fon'i Zakaiosy. Araka ny lahatsoratra etsy ambony dia nisy sakana anankiroa nilain'i Zakaiosy noresena mba hisian'io karazam-pifandraisana vaovao io: ny hafohiny, ary ny vahoaka maro feno fankahalana. Mitaky ezaka mandrakariva ny faniriana hanana

fifandraisana tsara. Ho an'i Zakaiosy dia nihazakazaka izy, ary nianika hazo niaraka tamin'ny akanjobeny.

I Jesôsy, Ilay mpandrodana manda

Efa taonjato maro lasa no nirodana ny mandan'i Jerikô, rehefa nandeha manodidina izany nandritra ny fito andro i Josoa sy ny tafiny. Azontsika lazaina fa naharodana manda vitsivitsy teo amin'ny fiainany i Zakaiosy, toy ny tsy fahaiza-mamaky sy manoratra sy ny fahantrana. Na izany aza dia mbola avo sy nakadiry ilay mandan'ny fifandraisana, ary tsy nisy azo antenaina ny hirodanan'izany. Samy tsy tsara na ny fifandraisany tamin'ny manodidina azy na ny fifandraisany tamin'Andriamanitra.

Efa fanombohana tsara ny nianihany teo amin'ny aviavy, saingy tsy ampy handroanana ilay manda nanasaraka an'i Zakaiosy tamin'ny hafa izany. Hanova zavatra anefa ny fandalovan'i Jesôsy tao Jerikô.

Teo ambonin'ilay hazo dia nitady hanana fifandraisan-davitra amin'i Jesôsy i Zakaiosy. Saingy nahita hevitra tsara kokoa ho azy i Jesôsy ao amin'ny andininy faha-5, “*Rehefa tonga teo Jesosy, dia niandrindra ka nanao taminy hoe: Ry Zakaiosy, midina faingana; fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio.*” Fifandraisana ety sy lalina no natolotr'i Jesôsy azy. Izany no fanirian'i Zakaiosy

tao am-pony tsy miloaka, ary dia nidina izy. Toy izao no anazavan'ny Fanahin'ny faminiana ilay fihetsika nasehon'i Zakaiosy:

“*Nanome lalana azy ny vahoaka, ary toa nanonofy i Zakaiosy nitarika ny lalana ho any amin'ny tranony.*” – IFM, t. 589.

Fantatr'i Jesôsy ny lalana mankany an-tranon'i Zakaiosy, saingy toy ny olona mahalala fomba dia tiany hitarika ny lalana i Zakaiosy; tsy niditra an-tery tao Izy. Tsy maintsy namoha ny varavarany i Zakaiosy.

Nony hariva dia niresaka momba ny antony namangiany an'i Zakaiosy tao an-tranony i Jesôsy. Iza no voalaza ao amin'ny and. 9, “*Ary hoy Jesosy taminy: Anio no tonga eto amin'ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak'i Abrahama koa.*” Misy teboka roa manan-danja tsara ho fantatra ao amin'io ampahan-tSoratra Masina io. Miresaka momba ny maha-izy an'i Zakaiosy i Jesôsy, dia amin'ny maha-“*zanak'i Abrahama*” azy. Araka ny fijerin'i Jesôsy, dia noho ny maha-taranaky ny fianakavian'i Abrahama azy no nampisy an'i Zakaiosy, ary raha itarina dia amin'ny maha-taranaky ny olombelona azy. Tao anatin'ny fifandraisana no nampisy azy, ary natao hifandray izy. Nampanalavitra azy tamin'ny maha-izy azy ny fandavany izany toetra mampiavaka azy izany, tamin'ny namelany ny fitiavan-karena hitarika azy.

Tsy afa-po amin'ny fiainany izy ankehitriny, ary tsy nahatratra ny tanjony, raha tsy hilaza afa-tsy izany. Ny filantsika mifandray amin'ny hafa dia tsy mety ho voasolon'ny harena sy ny fananana na ny fahombiazana velively. Tena nilain'i Zakaiosy ny niverina tamin'ny maha-izy azy, dia amin'ny maha-olon'ny fifandraisana azy.

Ny teboka faharoa ao amin'ilay

fanazavana farany dia momba ny asa nanirahana an'i Jesôsy. Ireto voambolana ireto no amaritan'i Jesôsy izany: *"hitady"* sy *"hamonjy."* Tsy namonjy antsika ho afaka amin'ny fahotana fotsiny Izy fa ho afaka amin'ny vokany koa, dia ireo manda mampisaraka an'Andriamanitra sy ny olona, sy mampisaraka ny olona samy olona. Asongadin'ny apôstôly Paoly io lafin'ny asan'i Jesôsy io rehefa nanoratra izy hoe: *"Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana."* – 2 Kôr. 5:18. Ny famonjen'Andriamanitra dia mamerina antsika ho ao amin'ny fifandraisana amin'ny fiarahamonina.

Raha ny safidiny dia mpanorina manda i Zakaiosy; fa noho ny fahasoavana sy ny fitiavana kosa dia nanjary mpandrodana ny manda teo amin'ny fiainany i Jesôsy.

Fiainana tsy misy manda

Namerin-javatra tamin'ny laoniny ny fihaonan'i Zakaiosy tamin'Ilay Mpandrodana manda. Iza no voalaza ao amin'ny and. 8, *"Fa Zakaiosy kosa nitsangana ka nanao tamin'ny Tompo hoe: Indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako omeko ho an'ny malahelo; ary raha misy zavatr'olona nalaiko tamin'ny fanambakana, dia honerako avy efa heny izany."* Fanambarana miezinezina sy manan-danja tokoa ny hoe: nifidy ny tsy hipetra-potsiny amin'izao i Zakaiosy. Nanapa-kevitra ny hanana fiainam-pahatokiana ihany ilay mpanangana manda nony farany, dia fiainana tsy misy manda.

Ilay manda mampisaraka ny mahantra sy ny mpanankarena no nofidiny harodana voalohany. Nanapa-kevitra ny hifandray amin'ny mahantra i Zakaiosy ilay mpanankarena. Tsy nanolo-tena ho namany, na hiresaka, na hiara-milalao, na hiara-mivavaka

amin'ny mahantra fotsiny izy, fa ny handray anjara amin'ny fanampiana azy ireo koa amin'ny fanovana ny toe-piainany. Misy fomba karazany efa azontsika ifandraisana amin'ny olona samy hafa amintsika: na tsy mifandray mihitsy, na mifandray tsara, na mifandray amin'ny fomba feno fitiavan-tena, na mifandray amin'ny fomba manome hery. Ity farany ity no naha-tapa-kevitra an'i Zakaiosy. Tamin'izany no nampiharany ny fampianaran'Ilay nanolo-tanana azy, izay hita ao amin'ny Lev. 25:35-37, *"Ary raha mihalahelo ny rahalahinao izay miara-monina aminao ka reraka, dia vonjeo izy, ka aoka mba ho velona eo aminao tahaka ny vahiny sy ny mpivahiny izy. Aza maka zana-bola na tombony aminy; fa matahona an'Andriamanitrao, mba ho velona eo aminao ny rahalahinao. Aza mampanàna vola aminy, ary aza mampisambotra hanina hahazoana tombony."*

Nanao zavatra tsy takatry ny saina ilay Zakaiosy tia tena sy tia vola taloha. Ny fihaonana akaiky tamin'ny Mpamonjy no antony nananany izany fifandraisana tsara tamin'ny hafa izany. Rehefa mifandray amin'Andriamanitra isika dia resy ny fironana ho amin'ny fitiavan-tena ao anatintsika ary voava hanahaka ny endriny isika.

Ankoatra ny fanomezana ho an'ny mahantra dia nanapa-kevitra ny hamerina izay nangalariny i Zakaiosy. Tsy mivitrana mihitsy ny fifandraisana sasany raha tsy misy ny fanarenana ny tsy mety. Ny fitsipika fototra amin'izany dia ny fandraisana andraikitra eo anatrehan'ilay fifandraisana tapaka, ny fiaikena fa nanao fahadisoana tamin'ny hafa isika ary ny fanaovana izay azo atao rehetra mba hanitsiana izay tsy nety. Iza no ambaran'i Ellen White mikasika ny fanarenan'i Zakaiosy ny tsy nety nataony: *"Tsy misy fibebahana tena izy ka*

tsy arahin'ny asa fanavaozana." – IFM, t. 590.

Rehefa voaratra ny fifandraisana iray dia tsy fahendrena ny miroso haingana ho amin'ny fifandraisana tsara kokoa kanefa tsy miresaka ireo anton'ny fifandirana tamin'ny lasa. Raha tsy mikatona araka ny tokony ho izy ny fery dia hisokatra indray ka hanakana ny fanorenana fifandraisana lalina sy vokatry ny fo!

Famaranana

Nonina tao anatin'ny mandan'ny fitiavan-karena nandritra ny taona maro i Zakaiosy saingy tsy nahasambatra na nahafapo azy izany. Taorian'ny fihaonany tamin'i Jesôsy dia nanjary noho nanan-danja taminy mihoatra noho ny fanangonan-karena ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Nafahana tamin'ny fonja volamena namefy azy izy ka tonga fitaovana nentina nanafaka ny hafa. Nahoana moa raha asainao i Jesôsy mba handrodana ny manda eo amin'ny fiainanao?

Hosaintsainina

- Raha tsy mampaninona anao dia zarao amin'ny hafa ny fomba niverenan'ny fifandraisanao tapaka ho amin'ny laoniny.
- Nanao ahoana ny fihetsehamponao mikasika izany fanandramana izany?
- Moa ve amin'izao fotoana izao misy olona mitolona ho amin'ny famitrana sy fanatsarana ny fifandraisany sasany? Tianao ve ny

Ny voadiko: Hanatsara ny fifandraisako amin'ny hafa: mitombo amin'ny fahatokiana, ny famelaneloka ary ny fitiavana araka ny fitsipika.

hangataka fanampiana amin'Andriamanitra?



ANDRO 3

NOVIDINA LAFO

Mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny fikarakarana ny tena

Lio. 9:10,28

Tamin'ny fotoana voalohandohany izay nanaovako ny asako amin'ny maha-mpitsabo ahy, dia nisy zazavavy kely iray nateraka tamin'ny alalan'ny fandidiana tao amin'ny hôpitaly iray niasako. Rehefa vita izany, dia niverina tany amin'ny biraoko aho ka seriny nijery ireo marary hafa. Tamin'izay indrindra no naneno ny telefônina, ary ny feo henoko tao dia nampirodana ilay mba fiadanako teo.

«Mandeha rà be ilay marary, hoy ilay mpitsabo mpanampy; tongava haingana».

Antony sy tranga isan-karazany no tonga haingana tao an-tsaiko, tahaka ny hafainganam-pandehako, hiverina ho any amin'ny hôpitaly. Tany ambanivohitra no nisy ny biraonay, ka tsy nisy toerana fanangonan-drà (banque de sang). Inona re no hataonay?

Raha teo am-pidirana ny hôpitaly aho dia tsaroako fa mitovy amin'ny ahy ny sokajindran'ilay marary efa ho faty. Na dia somary niahotra aza izy ireo, dia nasaiko nangalan'ny mpaka rà iray fonosana ny rako, ka nampidirina tamin'ilay vatana izay efa hatsatra sy marary. Nihena ny fahaverezan-drà teo

ary vetivety dia salama indray ilay marary. Andro vitsivitsy taorian'izay dia niverina tao amin'ny biraoko ilay vehivavy, efa tsy hatsatra intsony sady feno hafanam-po, niaraka tamin'ny zazakely mahafatifaty, sady feno fankasitrahana tsy an-kijanona noho ilay fanomezan-drà nataoko.

Nanokatra lalana ho ahy hizarana ny tantara mahatalanjon'ny Mpamonjintsika izay nanome ny rany hamonjy antsika rehetra ity toe-javatra ity. Raha teo am-pijerena ireto masony feno ranomasom-pisaorana aho, dia nazava tamiko kokoa nihoatra noho ny taloha fa fananan'i Kristy indroa

miantoana isika: voalohany, tamin'ny famoronana; ary ny faharoa tamin'ny fanavotana - fanavotana tamin'ny alalan'ny rany.

Toy izay nosoratan'i Paoly hoe: *“Fa tsy tompon'ny tenanareo ianareo, fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalaza an'Andriamanitra amin'ny tenanareo.”* - 1 Kôr. 6:19,20.

Eny, manentana antsika i Paoly hanao ny zavatra rehetra ho voninahitr'Andriamanitra. *“Koa amin'izany na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany”* (1 Kôr. 10:31), fa tsy hoe rehefa mihinana sy misotro ihany. Intelo i Paoly no mampitaha ny tenantsika amin'ny Tempolin'Andriamanitra ary ny fanahiny no mitoetra ao amin'izany tempoly izany. (1 Kôr. 3:16; 6:19; 2 Kôr. 6:16). Ny fitondran-tenantsika sy ny fihetsika ataontsika, ao anatin'izany ny fahazarana ara-pahasalamana, dia tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra satria olom-boavidy isika, voavidy tamin'ny rany.

Lalàn'ny fahasalamana

Naneho ny fahalianany amin'ny fahasalaman'ny olony Andriamanitra tamin'ny famoronana. Namorona tontolo iainana mahafinaritra Izy mba hitehirizana ny fahatsaran'ny fiainan'ny voariny. Nanome sakafy mahasalama, rivotra madio, ary fahafahana mampiasa vatana tahaka ny nataon'ireo razambentsika Izy rehefa nikarakara ny saha izy ireo.

Nihevitra ny fahasalamana ara-panahin'i Adama sy i Eva Izy ary niara-nandeha sy niresaka tamin'izy ireo rehefa mangatsiatsiaka amin'ny hariva iny. Hatramin'ny voalohany dia efa nikambana hatrany ny fiainana ara-panahy sy ny fahasalamana. Nivoaka avy eo am-pelatanan' Andriamanitra ny tany, efa vonona ny ho fonenan'ireo voary araka ny endriny. Eny, na dia taorian'ny fahalavoana, ny safo-drano ary ny fahababoana, dia nasehon' Andriamanitra ny fahalianany momba ny olony tamin'ny fanomezana azy ireo toromarika momba ny fahasalamana.

Eny tokoa, taloha tany amin'ny Testamenta Taloha dia hitan'Andriamanitra fa tena ilaina ny manome torolalana momba ny fomba fiaina mahasalama ho an'ny olony, izay mahafaoka ny sakafy, ny fahadiovana ary ny fitondran-tena ara-pananahana. Ireo torolalana ireo dia nokendrena ho mazava tsara ho fisorohana sy fiarovana azy ireo amin'ireo aretina izay nanjo ny Egyptianina.

Raha teto an-tany i Jesôsy dia nanasitrana ny aretina ara-batana sy ara-tsaina Izy, nampifandray ny famelan-keloka amin'ny fahasalamana sy ny fiainana safononoka, no sady nampivohitra koa ny fahasalamana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po.



Nanome torolalana goavana koa Andriamanitra tamin'ny alalan'ny torohevitr'i Ellen White. Izy no fantsona nampitana ny fampahafantarana rehetra izay nampivoatra ny filôzôfia ara-pahasalamana sy ara-panahin'ny Fiangonana Advantista, nandritra ny androm-piainany.

“Rehefa mampianatra momba ny foto-kevitra ara-pahasalamana, dia aoka hazonina ao an-tsaina ny antony lehiben'ny fanavaozana — dia ny tanjony, izay hiaro ny firoboroboana faratampon'ny vatana sy ny saina ary ny fanahy. Asehoy fa ny lalàn'ny natiora, izay lalàn'Andriamanitra, dia natao mba hahasoa antsika; ka ny fankatoavana azy ireo dia hampitombo ny hasambarana amin'ity fiainana ity, ary hanampy amin'ny fiomanana ho amin'ny fiainana izay mbola ho avy.” – Ellen G. White, *The Ministry of Healing* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1905), t. 146.

“Ny adidintsika amin'Andriamanitra sy ny mpiaramonina amintsika dia momba ny fampivelarana ny tena. Ireo fahaiza-manao rehetra izay



nampomban'ny Mpamorona antsika dia tokony hampivelarina hatramin'ny faratampon'ny fahatanterahana, mba hahafahantsika manatanteraka izay tsara azontsika atao amin'ny fahatanterahany.

Io fotoana io tokoa mantsy dia lany tamin'ny antony tsara izay nampiorina mafy ny fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina.” - Ellen G. White, *Counsels on Health* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1923), t. 107.

Ny Fitantanam-piainana kristianina sy ny fahasalamana

Ny fahitana izay nomena an'i Ellen White tamin'ny 1863 dia naneho fa adidy ara-panahy ny mikarakara ny tena izay tempoly ary nanamafy ny maha-iray tsy mivaky ny tena, saina ary fanahy.

Ny fialan-tsasatra, ny tanamasoandro, ny sakafo voalanjalanja, ny fitokiana amin' Andriamanitra, ny fampiasam-batana, ny fahalalana onony, ny fisotroana rano ary ny fifohana rivotra madio dia mihazona ny fifandanjan'ny maha-olona amin'ny fahafenoany. Ny tanjona voalohany amin'ny fikarakarantsika ny fahasalamantsika dia ny mba hahafahantsika hanompo an' Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amintsika! Hifaly amin'ny fahasalamana tsara kokoa isika, saingy novonjena isika mba hanompo.

Mazava ny resaka: ny fitantanam-piainana kristianina dia mahafaoka ny fikarakarana ny fahasalamantsika!

Mahatalanjona tokoa fa efa niteny momba ireo olana maro miaraka amin'ny fijery ara-paminaniana i Ellen White, izay nasehon'ny siansa ara-pitsaboana fa marina ankehitriny. Ny 'Time Magazine' izay nivoaka tamin'ny 28 Oktôbra 1966 dia nitatitra ny vokatra miabon'ny fikarohana ara-pahasalamana advantista ary nanoritsoritra ny vokany ho tombontsoan'ny advantista, izay nahafaoka ny fihenana'ny homamiadana sy ny aretin'aty (Time magazine, "Adventists' Advantage," October 28, 1966). Nisy fikarohana taty aoriana koa naneho fa misy fiakarana manandanja ny tahan'ny fahelana velona

ho an'ireo izay miaina ny fomba fiaina advantista. Tena tsy hay tohaina ny vokatr'ireo fikarohana natao sy ny antontanisa hany ka nanolotra vola 20 tapitrisa dólara mba hanaovana ny andiany faharoa amin'io fikarohana io ny 'United States National Instituts of Health'.

Raha fintinina, ny lahatsoratra ara-tsiansa dia feno ny tombontsoa izay mampiakatra ny fomba fiaina ara-pahasalamana mifototra amin'ny lalàn'ny natiora, fomba izay nasongadin'i Ellen White tamin-kafanam-po lehibe tokoa. (Ellen G. White, *The Ministry of Healing* [Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1905], t. 146.)

Tsy ny sakafo ihany no voafaoka ao anatin'ireo lalàn'ny natiora ireo fa ny fampiasam-batana sy ny fialan-tsasatra koa, dia ireo lafiny izay nampahafantarina'i Ellen White fa anisan'ny fitantanana ny fahasalamana. Ohatra, ny fampiasam-batana dia voaporofa fa mampihena ny tosi-dra ary manampy amin'ny fisorohana ny fahatapahan'ny lalan-dra, ny diabeta ary ny aretin'ny vanintaolana. Eny na dia ny fampiasam-batana maivana aza (tsy voatery hihazakazaka isika) dia mifehy ny fatran'ny tavy ratsy ao amin'ny ra, mampihemotra ny fitrangan'ny aretin'ny fanadinoana, manampy amin'ny fihenana'ny fisehoana'ny homamiadana, ary manamaivana ny rarin-tsaina.

Manan-danja tahaka ny fampiasam-batana koa ny fialan-tsasatra. Inona no ataontsika rehefa misy olana ny

fialan-tsasatra? Maka fotoana hampodiana aina ve isika, mba handranitana ny saina tahaka ny taloha? Raha miaina ao anatin'ny fahatongavan-tsaina amin'ny fitantanana ny fahasalamana isika, dia ho fitaovana mahomby kokoa eo am-pelatanan'ny Tompo. Mamintina tsara izany tokoa ny hafatr'i Eugene Petersen: "Tena ilaina ny fampiasam-batana any amin'ny kianja mitafo fa ny fiainana mirindra ho an'Andriamanitra dia manotra lavitra noho izany, mampifandrindra anao amin'izao fiainana izao sy ny mandrakizay." - 1 Tim. 4:8.

Mpitoetra an-trano

Mampiasa sary fanehoana manohina tokoa i Max Lucado ao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe: «It's not about me» (Tsy momba ahy izany). Miresaka endrika nofy ratsy anankiroa mikasika mpanampy an-trano hikorakara ny tranonao rehefa ianao eo iny izany. Ilay voalohany dia namerina tanteraka nanamboatra ny fomba fanaingoana trano, ary tsy araka ny hitiavana azy, ka ny antony lazainy dia hoe mila maneho ilay mpikorakara azy ny trano. Avy hatrany ianao dia hamaly hoe: «Tsy anao io!»

Ny toe-javatra faharoa indray dia tsy misy idiran'ny fanaingoana trano, fa ny tsy firaharahana.

Tsy misasa ny lovia, tsy voafafa ny vovoka ary tsy namboarina mihitsy ny fandriana. Ny antony? Fifanarahana mandalo fotsiny no natao.

Nitovy ny fahadisoana nataon'ireo mpanampy an-trano ireo: nataony ho tahaka ny hoe azy ireo ilay trano ka nanaovany izay tiany atao. Ahoana no nahafahan'izy ireo nanao izany? Ahoana no ahafahantsika - isika izay olom-boavidy - manao tahaka ny hoe antsika ihany ny tenantsika? Tompon'ny tenantsika izay tempoly Andriamanitra; ary isika, amin'ny maha-mpikorakara trano antsika, dia tsy maintsy mahatoky ary mitandrana ny fomba hitantanana izay natolotra antsika ho fanomezana.

Araka izay nolazain'ny apôstôly Petera antsika hoe: "*Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana a n a r e o tamin'ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin'ny nentindrazana, fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentipentina.*" - 1 Pet. 1:18,19.

Eny, novidina lafo isika, tsy tamin'ny volafotsy, tsy

tamin'ny volamena, fa tamin'ny ran'i Kristy. Fotoana tokony hiainantsika araka izany izao. Ary ny ho tonga mpitantana tsara ny fahasalamantsika no fomba mety indrindra hahatanteraka izany.

Hosaintsainina

Novidin'Andriamanitra lafo ianao. Ahoana ny fiantraikan'io eritreritra io eo amin'ny fomba fikoloanao ny vatanao eo amin'ny fiainanao andavanandro.

- Azonao tanisaina ve ny sasany amin'ireo torolalan'i Ellen White momba ny fahasalamana izay voaporofa ara-tsiansa fa marina?
- Inona no maha-zava-dehibe ny fitsipika eo amin'ny fiainanao amin'ny maha-Kristianina anao?

Ny voadiko: Mba hamboly fahazarana tsara ara-pahasalamana vaovao anankiray, mba hanompo tsaratsara kokoa ny Tompo amin'ny saiko.



ANDRO 4

IREO MPANAMORA NY FANANANA FIJERY VAOVAO

Andriamanitra no lohalaharana amin'ny fanaovana asa fitoriana amin'ny hafa

Lio. 18:35-43

Maro ny olona mijaly sy maty tsy manana ny tena fanantenana marina. Mikorontan-tsaina sy diso fanantenana izy ireo ny amin'ireo zavatra hitany manodidina azy sy eo amin'ny fiainany manokana. Ahoana no hahafahana manokatra ny mason'izy ireo mba hahitany fa tena misy tokoa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famonjeny? Amin'ny mahazanaka lahy sy zanaka vavy navotana antsika, ahoana no fomba hanarenantsika indray ny fijerin'izao tontolo izao izay efa tena jamba tanteraka? Azontsika tarafina amin'ny alalan'ny tantaran'i Bartimeo, ilay lehilahy jamba tao Jeriko, ny fandraisan'Andriamanitra anjara

azo tsapain-tanana eo amin'ilay iraka farany. Toy izao no vakintsika ao amin'ny Lio. 18:35, “*Ary raha Jesosy nanakaiky an'i Jeriko, dia indro jamba anankiray nipetraka nangataka teo amorondalana*”. Io no fahagagana farany nataon'i Jesôsy izay notantaraina tao amin'ny filazantsaran'i Lioka.

Isaky ny mamaky io andalanteny io isika dia mifantoka hatrany amin'ny finoana sy ny fitozoan'i Bartimeo jamba sy ny fomba namerenan'i Jesôsy ny fahitany. Rehefa eo amin'ny manodidina eo i Jesôsy dia mahita indray ny jamba! Eto amin'ity fandinihana ataontsika ity, dia hifantoka amin'ny anjara raisin'ny vahoaka sy ny mpanaraka ary

ny mpianatr'i Jesôsy isika. Eo amin'ireo mpanaraka an'i Jesôsy dia azontsika atao ny mahita fihetsika efatra: ny tsy fidirana lalina, ny fampanginana, ny fanamorana ary ny fiderana. Inona amin'ireo fihetsika ireo no asehoko amin'izao fotoana izao?

Ny tsy fidirana lalina

Hoy ny Lio. 18:36-37, “*Ary raha nandre ny vahoaka mandalo izy, dia nanontany hoe: Inona izany? Ary hoy ny olona taminy: Jesosy avy any Nazareta no mandalo.*”

Tsy irery i Jesôsy nandritra ny diany ho any Jerikô sy nanerana an'i Jerikô. Niaraka taminy ny mpianany, ary ny toko sy andininy

dia milaza fa nisy maro hafa koa nanodidina Azy. Ireo vondrona akaiky azy ireo dia nianoka tao amin'ny fampianarany, nandray ny fitahiany, ary nandray anjara tamin'ny voninahitry ny raby avy ao Nazareta izay teo amin'ny faratampon'ny lazany.

Ireo olona marobe nandalo ihany no mba azon'ilay jamba norenesina. Nety ho ny feon'ny figadon'ny tongotra, sy ny feon'ny vahoaka miresaka, ary indraindray ny Amena sy Haleloia ihany no reny. Misy zavatra tsy nahazatra niseho; fa tsy nisy hafatra mazava ren'ireo izay tety ivelan'ilay vondrona kely. Amin'ny maha-mpijorojoro azy teo, dia afaka nahatsapa ny fandalovan'ny olona marobe i Bartimeo, saingy tena sarotra taminy tokoa ny naminavina izay antony. Nandray fanapahan-kevitra izy mba hanontany. Tsy betsaka no manana izany fahasahiana izany.

Ahitana Fiangonana Advantista avokoa ny firenena mihoatra ny roanjato, sy ny tanàna ary ny faritra maro maneran-tany. Andeha anefa isika hanontany tena: tena manome hafatra mazava ny antom-pisiansika ve isika? Azon'ny olona mazava tsara ve ny iraka nampanaovina antsika?

Ny valinteny nomen'ireo mpanaraka an'i Jesôsy dia maneho toe-tsaina izay mahaliana: "Nandalo i Jesôsy avy any Nazareta." Tena nazava tsara sy nahitsy izy ireo tamin'ny fizarana momba ny tantaran'i Jesôsy nefa tsy nilaza ny tanjona sy ny iraka nampanaovina Azy. Tombontsoa iray lehibe fanararaotra, mba hanasana an'i Bartimeo ho isan'ireo olona maro, no very teto. Inona no nety ho antony? Satria mpangataka jamba no fahitany an'i Bartimeo. Ny zavatra mety ho nilainy dia

mety ho vola madinika, na dôlara, na tapa-mofo na fiantrana hafa. Tsy nahatsapa ny filan'i Bartimeo zavatra lalindalina kokoa izy ireo.

Na izany aza, nanondro ny zavatra tena nilainy ny valintenin'i Bartimeo: "Mamindrà fo amiko ry Jesosy zanak'i Davida ô!" Aminy, dia zanak'i Davida i Jesôsy. Ilay fiantsoana hoe Zanak'i Davida dia fiarahabana amin'ny maha-Mesia.

Misy mpahay tantara jiosy iray antsoina hoe Josephus milaza amintsika fa amin'ny jodaisma dia ninoana fa nanana hery lehibe manasitrana ireo zanak'i Davida. Tsy nitady fampahafantarana momba an'i Jesôsy i Bartimeo fa nitady ny hidiran'i Jesôsy antsehatra teo amin'ny fiainany.

Ireo izay manaraka an'i Jesôsy izaytsymanirinyhiditalalindalina kokoa dia tsy hahamarika akory ny tena filan'ny olona manodidina azy. Mampalahelo tokoa raha izao fotsiny no ambarantsika amin'ny olona: "Iza moa ny Advantista ary inona no inoan'izy ireo?", ary avy eo manome ny filana fototra ho azy ireo fotsiny isika, nefa ireo olona ireo dia mitady Mpamponjy sy fijery vaovao.

Ny fampanginana

Ho setrin'ny antso vonjy andranomaso nataon'i Bartimeo dia naneho fihetsika tsy mahazatra koa ireo mpanaraka an'i Jesôsy. Vakintsika ny ao amin'ny and. 39, «*Ary ireo izay nandeha teny aloha dia niteny mafy azy mba hangina.*» Izay ilay fampanginana. Ny dikan-teny sasany ao amin'ny Baiboly sasany aza dia mampiasa ny teny hoe *nanosi-bohon-tanana* mba hamaritana ny fihetsika nasehon'ireo mpanaraka azy teny aloha. Mifidy io fomba mampangina io izy ireo satria tsy azony ny andraikitra sy ny anjara asan'i Jesôsy.

Ireo mpialoha lalana dia nahazo antoka fa ny adidin'izy ireo dia ny manazava ny lalana, tahaka ny ataon'ireo mpitaingina môtô rehefa handalo ny manampahefana - mba hanala izay mety ho sakana amin'ilay fandalovan'i Jesôsy. Noheverina ho toy ny sakana i Bartimeo ka dia nampanginina sy noroahina. Tena mifanohitra amin'ny anjara asa nomena ny mpialoha lalana an'i Jesôsy io fihetsika io. Mpialoha lalana an'i Jesôsy i Jaona Mpanao batisa, ary voasoritra ao amin'ny Lio. 1:16-17 ny anjara asany: "*Ary maro amin'ny zanak'israely no hampodiany amin'i Jehovah Andriamaniny. Ary izy handeha eo alohany amin'ny fanahy sy ny herin'i Elia mba hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin'ny fahendren'ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an'ny Tompo.*" Tsy maintsy niasa tahaka ny tetezana mampifandray ny olona sy i Jesôsy i Jaona - fa tsy nandroaka azy ireo fa nanomana azy hihaona Aminy kosa.

Amin'izy ireo dia tena fahasorenana ho an'ny Mesia, mendrik'Andriana izay nizotra ho any Jerosalema i Bartimeo, mpangataka jamba. Tsy azon'izy ireo fa ny maha-jamba sy ny maha-mahantra an'i Bartimeo dia anisan'ny nanintona an'i Jesôsy hijery azy amin'ny fomba manokana. Tsy hain'izy ireo ilay toriteny voalohany nataon'i Jesôsy tao amin'ny synagogan'i Nazareta: "*Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko satria nanosotra ahy hitory teny soa amin'ny malahelo Izy; naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina.*" - Lio. 4:18. Ho an'ny jamba, ny mahantra, ny mpifatotra ary ny mpanota no nahatongavan'i Jesôsy.

Io fampanginana io anefa dia, indrisky, fa fomba tena mahazatra eo amin'ny Kristianina, eny na dia ankehitriny aza. Mitranga izany rehefa mampanalavitra ny olona amin'i Jesôsy sy ny fiangonany ny teny ataontsika, ny asantsika ary ny fihetsika asehontsika. Isaky ny mieritreritra ao antsaina na maneho miharihary isika fa tsy mendrika hovanjena ny olona iray, dia efa mampiasa ilay fampanginana isika izay. Raran'Andriamanitra izany!

Ny fanamorana

Nahalala tsara ny fihetsik'ireo mpanaraka azy i Jesôsy, hoy ny Baiboly, *“ary Jesosy nijanona dia nasaina nentina ho eo aminy ralehilahy”* (and 40). Nitaky fiovam-pihetsika i Jesôsy, niainga tamin'ilay tsy fidirana lalina sy ny fampanginana ary avy eo nankamin'ny fanamorana. Tsy soso-kevitra io fa didy. Nisy fanasana hizara ny fitahiana amin'ny hafa tao anatin'io didy io.

Tsy loharanom-pitahiana ireo izay mpanamora. Ny anjara asan'izy ireo mantsy dia ny ho fantsona mitondra mankany ampotony, dia i Jesôsy. Koa noho izany, mba hampisy heviny ny anjara asa tanan'izy ireo dia tsy maintsy nanatona an'i Bartimeo izy ireo, nizara ilay fanasana nataon'i Jesôsy taminy, hitantana azy, hitarika ny diany ary hanisaka ireo olona eo amin'ny lalany ka hitondra azy ho eo amin'i Jesôsy. Sarotra tokoa ireo dingana ireo! Ao amin'ny fanahin'ny faminiana dia mandre torolalana mitovy amin'izany ho an'ny fiangonany amin'ny andro farany isika: *“Nofidin'Andriamanitra ny vahoaka advantista mba ho olona manokana, misaraka amin'izao tontolo izao ... Niantso azy ireo Izy mba ho mpitondra ny hafany amin'ny asam-pamonjena*

farany. Ny haren-dehiben'ny fahamarinana izay tsy mbola nampahafantarina ny olombelona mora maty, fampitandremana faran'izay miezinezina sy mampatahotra amin'izay nalefan'Andriamanitra ho an'ny olona, dia nampiantraiketany azy ireo mba homena izao tontolo izao.” - Testimonies for the church, b. 7, 138 (1902)

Nandalo teo amin'ny lalam-piainantsika ny Covid-19. Miresaka momba izany amin'ny fomba tsotra isika, fa ny andraikitsika voalohany sady lehibe indrindra, izay tsy niova, dia ny hitarika ny olona ho eo amin'i Jesôsy sy ny fiangonana. Tena vao maika manan-danja mihoatra noho ny taloha izany ankehitriny. Moa ve tsy haintsika ny manavaka ny fanajana ny elanelana amin'olona sy ny fandosirana ny laharam-pahamehana amin'ny iraka ampanaovina antsika?

Ny fiaraha-midera

Vokatry ny fidirana ho mpanamora, dia nanjary mpiaramidera ny mpanara-dia an'i Jesôsy. Izao no vakin'ny teny ao amin'ny and. 43: *“Ary niaraka tamin'izay dia nahiratra ny masonry, ka nanaraka an'i Jesosy izy sady nankalaza an'Andriamanitra; ary ny vahoaka rehetra, raha nahita,*

dia nidera an'Andriamanitra.”

Nifamatotra ho iray tao anatin'ny fiderana ilay jamba teo aloha sy ireo vahoaka.

Nametraka ny fiangonany farany ho fiaraha-monina voantso hidera Azy Andriamanitra. (Apôk. 1:6). Ny fiangonana izay tsy midera dia tsy mandeha araka izay nanaovan'Andriamanitra azy. Ilay fomba midera dia ateraky ny fahitantsika izay ataon'i Jesôsy eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiainan'ny hafa. Ny tena flankohofana marina sy fiderana dia vokatry ny fahitantsika mivantana ny herin'Andriamanitra sy ny fitiavany. Arakaraka ny hahitantsika izany no mahabe koa ny fiderantsika. Ny fiangonana misiônera no tena toerana tsara mba hiderana miaraka.

Nampahosa ny fiarahan'ny fiangonana mivantana ny zava-tsarotra ankehitriny. Ny fikatonan'ny fiangonana dia nitarika ny maro mba hanangana fomba manokana hanehoana ny fiainana ara-panahy, tsy nikambana tamin'ny mpino hafa. Mihaino toriteny tsara ao amin'ny “youtube” isika, dia mankafy fiderana sy hira indray koa, ary mamaky ireny resaka manokana manandratra any amin'ny toerana



hafa ireny ao amin'ny aterineto. Mivezivezy ao anatin'ny tranonkala isika mba hitady zava-baovao mandrakariva. Tsy misy maharatsy ny mianoka ao anatin'ny haren'ny fiangonan' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo vokatra sy fomba fiasa maro ireo, kanefa mitera-doza izany raha toa ka hataontsika sorona amin'izany ny firaisam-pontsika amin'ny mpiara-mivavaka. Mbola manankery ireto tenin'i Paoly avy amin'ny tsindrimandry ireto: *“ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro.”* - Heb. 10:24,25. Nataon'Andriamanitra ho isan'ny fiangonana sy ho voatahy amin'ny alalany ary ho fitahiana ho azy ny zanany, na amin'ny fomba mivantana na amin'ny alalan'ny tranonkala. Tsy mandrava ny fiangonan'Andriamanitra ny bibikely ao. Aoka hotsaroantsika ireto tenin'i Jesôsy ireto: *“ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.”* - Mat. 16:18.

Famintinana

Amin'ny maha-mpanamora ny fikorianan'ny fahasovan'Andriamanitra antsika, dia efa an-dalana ho amin'ilay fiderana lehibe isika: *“Ary mihira ny tononkiran'i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, sy ny tononkiran'ny Zanak'ondry izy hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo ô, Andriamanitra Tsitoha; mahitsy sy marina ny lalanao ry Mpanjakan'ny firenena! Iza no tsy hatahotra? Ary iza no tsy hankalaza ny anaranao, Tompo ô? Fa Ianao ihany no masina ary ny firenena rehetra dia ho avy hiankohoka eo anatrehanao; fa naharihary ny fitsarana marina nataonao.”* - Apôk. 15:3,4

Enga anie isika tsy hifidy ny hijanona ho isan'ireo tsy miditra lalina na ireo mampangina fotsiny.

Hosaintsainina

- Mizarà fanandramana anankiray teo amin'ny fiainanao izay nanampianao olona iray mba hanaiky fomba fijery vaovao eo amin'ny fiainana.
- Ahoana no hahafahantsika hiasa bebe kokoa amin'ny maha-mpanamora antsika mandritra izao fotoana isian'ny elanelana aratsôsialy izao?
- Iza no tianao hoentina eo amin'i Jesôsy? Lazao ny anaran'izy ireo mba hahafahana manao fanelanelanana ho azy ireo.

Ny voadiko: Mba hanokana fotoana raikitra isan-kerinandro hiasana ho an'Andriamanitra, hizara ny vaovao mahafaly amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly, ny tarika miasa, sns.



ANDRO 5

MAMETRAKA ILAY ANDRON'ANDRIAMANITRA HO LOHALAHARANA

**Mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny alalan'ny
fitandremana ny Sabata**

Lio. 6:6-10

I nona no ifandraisan'ny Sabata amin'ity foto-kevitra mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana ity? Hoy ny nambaran'ny mpaminany Ezekiela: “*Ary manamasina ny Sabatako, mba ho famantarana ho Amiko sy ho aminareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo*” - Ezek. 20:20. Manambara ireo teny ireo fa ny fitandremana ny Sabata no manamarika ny maha-tompon'ny fiainantsika an'Andriamanitra. Torak'izany koa, ny fihetsik'i Jesôsy manoloana ny Sabata dia mampahatsiahy antsika fa tokony hametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana isika. Amin'ity

lesona ity dia hiverenantsika jerena ny tantara voalaza ao amin'ny Lio. 6:6-10 hianarantsika bebe kokoa ny fitandremana ny Sabata sy ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalaharana.

Mikolokolo ilay toe-tsaina: “Andriamanitra no lohalaharana”

”*Ary nony tamin'ny Sabata hafa koa*”, io no fiantombohan'ny fitantarana ity fahagagana ity. Hita hatrany tao amin'ireo filazantsara efa ny fitantarana ny asa nataon'i Jesôsy nandritra ny Sabata - nanomboka ny Zoma maty masoandro hatramin'ny Sabata maty masoandro.

Nanambatra tranga anankiroa nifandray tamin'ny Sabata i Lioka ao amin'ity toka ity. Ny voalohany dia mitantara ireo mpianatra nioty salohim-bary teny an-tsaha hohanina ny androtr'iny Sabata iny. Nanome tsiny azy ireo ho mpandika lalàna ny Fariseo. Nanamarina izany fihetsika izany kosa anefa i Jesôsy teo amin'ny valinteniny tamin'ny nanambarany fa Tompon'ny Sabata ny tenany (Lio. 6:3,4; Mar. 2:27,28; Mat. 12:5,6). Ilay faharoa kosa dia mitantara ilay fahagagana nataony nandritra ny Sabata. Nahoana no nomena lanja lehibe tokoa ny Sabata ao amin'ireo filazantsara?



Teo amin'ny tantaran'ny Israely, ny fankalazana ny Sabata dia tsy tena fankalazana manan-danja tahaka ireo andro firavoravoana hafa ankalazain'ny Jiosy toy ny Paska, fetin'ny tabernakely, sy ny Porima. Fahatsiarovana isan-kerinandro ny famoronana fotsiny izany: Andriamanitra namorona ny zava-drehetra. Tamin'ny alalan'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra voalohany no nahariana ny zavatra rehetra teto amin'izao tontolo izao. Araka izany, ity andro ity dia fampahatsiahivana mitoetra ny maha-Voalohany, Mpanome sy Mpamatsy an'Andriamanitra. Tsy isalasalana fa ny fankalazana isan-kerinandro ny Sabata dia nanampy an'i Jesôsy hitana ny filazana ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, araka ny voalazan'ireto teny ireto: *“Ny Ray tia ny Zanaka ka efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany”* - Jao. 3:35. Ny

Ray no Tompon'ny fananana sy Mpamatsy ary ny Zanaka kosa no Mpitantana.

Hoy ny voasoratr'i Ellen White mahakasika ny antom-pisian'ny Sabata voalohany indrindra:

“Tsy misy fomba naorina hafa nankinina tamin'ny Jiosy izay mikendry amin'ny fomba feno kokoa ny hampivavaka azy ireo amin'ny firenena manodidina tahaka ny Sabata. Nokendren'Andriamanitra hanondro ny mpivavaka Aminy ny fitandremana izany. Natao ho famantarana ny fisarahana amin'ny fanompoan-tsampy sy ny fifandraisany amin'Ilay Andriamanitra marina izany.” – IFM, t. 293.

Ny handrindran'ny taranak'olombelona ny fiainany araka ny lalàn'izao tontolo ary rehetra izao no tanjon'ny Sabata, izany hoe Andriamanitra aloha, amin'ny fanekena Azy ho Mpamatsy sy Mpiahy.

Hita amin'ny alalan'ny fotoana sy ny toerana ny antom-pisian'ny olombelona. Voaforona tamin'ny andro fahenina ary napetraka tao an-jaridaina ohatra i Adama. Amin'ny maha-olombelona antsika dia tsy mipetraka amin'ny toerana iray fotsiny isika fa manova hatrany koa ny tontolo izay manodidina antsika. Izany indrindra no fikasan'Andriamanitra ho an'ny olona (Gen. 2:15). Indrisy anefa

fa ity fiasantsika mafy ity dia mahatonga antsika hanadino fa mifandray ary miankina amin'ny Mpahary isika. Betsaka no manjary manana toe-tsaina materialista, mifantoka amin'ny zavatra hita maso fotsiny. Mba hisorohana izany tranga izany indrindra no nahatonga an'Andriamanitra nametraka ny andro voalohany tamin'ny fisian'ny olombelona ho andro fitsaharana fa tsy andro hiasana. Tamin'ny alalan'ny fitandreman'i Jesôsy ny Sabata ihany koa, no nanamafisany ity fomba fijery tokony hananantsika mahakasika ny asa ity: *“Raha Izaho ihany, dia tsy mahay manao na inona na inona”* (Jao. 5:30), hoy Izy. Ny Sabata dia nanampy antsika hahatsiaro fa tsy isika no mihazona izao tontolo izao sy ny fisiansika. Zava-dehibe tokoa ny fitandremana ny Sabata eo amin'ny fikolokoloana ny toe-tsaina mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana.

Mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny alalan'ny fotoam-pivavahana iarahana amin'ny daholobe:

Tamin'io Sabata io, *“dia niditra tao amin'ny Synagoga”* i Jesôsy, ka *“nampianatra”* tao. Ara-bakiteny, ny synagoga dia toerana natokana hiangonana. Nanana anjara toerana goavana teo amin'ny asa fanompoana nataon'i Jesôsy tety an-tany ny Synagoga. Impolo mihoatra no itantaran'ireo filazantsara ny asa nataon'i Jesôsy tao amin'ny Synagoga. Efa fahita tamin'ny vaninandron'i Sôlômôna fahiny ny fivoriana ataon'ny mpivavaka amin'ny alalan'ny vondrom-bavaka kely fa tsy misy fanatitra atao akory mandritra io. Saingy ny Synagoga kosa dia naorina tamin'ny fotoana nahababo ny vahoaka Israely tany Babilôna taorian'ny naharavan'ny tempolin'i Jerosalema. Ireny



toerana ireny dia natokana ho amin'ny hetsika ara-tsôsialy sy ara-pivavahana teo amin'ny fiaraha-monina Jiosy. Natao ho sekoly, ivon-toerana fanaovana asa soa, toeram-pivoriana, toeram-pitsarana, toeram-pivavahana sy toeram-pianarana izy ireo. Fa natokana ho an'ny fivavahana sy famakiana ny Soratra Masina irery ihany kosa ireo toerana ireo rehefa Sabata. Anisan'ny fanompoam-pivavahana atao rehefa Sabata ny fanaovana vavaka maro samihafa (vavaka fangataham-pitahiana sy fiderana). Mifantoka amin'ny famakiana ireo boky dimy nosoratan'i Mosesy, na ireo asoratra ny mpaminany, na toriteny fohy ny fampianarana atao amin'io andro io. Nanontaniana i Jesôsy tamin'ity andro ity raha handray anjara amin'ny famakiana ireo bokin'i Mosesy sy ny mpaminany na hitory teny.

Ny fiderana an'Andriamanitra sy ny fihainoana ny teniny no tokony ataon'ireo mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana ho vaindohan-draharaha rehefa Sabata. Mankasitraka an'Andriamanitra isika rehefa midera Azy ary manaiky ny fampianarany rehefa mihaino ny Teniny. Manome toerana ny mpino handalo izany fanandramana izany ny fotoam-pivavahana atao rehefa Sabata.

Tian'i Jesôsy ho azontsika tsara fa ny fitsaharana amin'ny andro Sabata dia tsy mitovy amin'ny andro tsy iasana tsy akory. Ankoatra ny hoe hikorokoloana ny toe-tsaina "mitsahatra ao amin'Andriamanitra" dia natao hiderana sy hianarana ny asan'Andriamanitra koa ny Sabata fitsaharana. Mitsahatra amin'ireo asa mandreraka antsika mandritra ny herinandro isika fa manao zavatra mampitombo ny ara-panahy kosa. Tsy ny hitsahatra amin'ny harerahan'ny

nofontsika na hahazo andro iray hirenirena tsy akory no tanjon'ny Sabata lehibe indrindra fa ny hanararaotana kosa hiderana an'Andriamanitra sy hihainoana ny Teniny.

Afaka misitraka ireo fanandramana ara-panahy ataon'ny tena manokana na ireo fanandramana niarahana tamin'ny fianakaviana isika mandritra ny herinandro ary rehefa Sabata dia manao fanandramana ara-panahy hiombonana. Manaiky ny mahazanak'Andriamanitra azy ireo sy ny maha-Mpamonjy azy ireo an'Andriamanitra ny mpino rehefa miangona toy ny fianakaviana iray.

Fomba fanao anankiroa anefa, indrisy, no manjary fahazaran'ny vahoakan'Andriamanitra nandritra izay nisian'ny valan'aretina Covid-19 sy ny fihibohana nolalovantsika izay. Ny voalohany, nalaim-panahy ny olona sasany hampiasa ny oran'ny Sabata hanaovany fitsangantsanganana any ambanivohitra raha tokony nanaraka ireny fanompoam-pivavahana nampitain-davitra niaraka tamin'olona hafa ireny izy ireo. Marina fa boky faharoa manambara an'Andriamanitra ny natiora saingy tsy nataon'Andriamanitra hanoloana ny fanompoam-pivavahana miaraka izay tokony hatao amin'ny andro Sabata ny fitsangantsanganana eny anivon'ny zavaboary. Ny mifanohitra amin'izany aza, natao hamenoana ny fanompoam-pivavahana atao amin'ny andro Sabata izany. Ny faharoa dia ilay antsoina hoe "buffet church," izany hoe, mamadibadika tranonkala hitadiavana izay mpampianatra Sekoly Sabata, mpitarika fiderana, mpitoriteny metimety aminy ny mpivavaka tsirairay. Manjary fahafaham-pon'ny tena manokana no tadiaviny ao anatin'ny fanompoam-pivavahana, hany

ka hadinony fa ao anatin'ny fiombonamben'ny mpino izy, tahaka izay niseho tamin'ny fanandraman'i Jesôsy tao amin'ny Synagoga. Araka ny nambaran'i Paoly dia asa fanompoana maro samihafa no napetrak'i Kristy mba "handrafitra ny tenan'i Kristy" fa tsy hampirisika ny Kristianina ho amin'ny fitsitokotokoana. (Efes. 4:11,12).

Manao an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny alalan'ny asa fanompoana:

Nampiasa ny oran'ny Sabata tamin'ny fanompoana, tamin'ny famaliana ny filan'ireo nila vonjy teo amin'ny farihin'ny Betesda sy tao amin'ity Synagoga ity i Jesôsy. Ho valin'ireo fanenjehana nataon'ny Fariseo Azy dia ity fanontaniana tsara lahatra ity no napetrany: "*Moa ny manao soa va no mety hatao amin'ny Sabata, sa ny manao ratsy?*" - Lio. 6:9. Ahoana no hanehoan'ireto asa fanompoana, asa fiantrana sy asa fanasitranana ireto ilay foto-kevitra hoe mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana?

Miasa isika amin'ny andro natokana iasana mandritra ny herinandro, Alahady hatramin'ny Zoma ary mioty ny vokatry ny asantsika. Endrika roa hafa kosa no asehon'ny asa atao amin'ny andro Sabata. Voalohany, asa ho tombontsoan'ny hafa fotsiny ny asa ataontsika amin'ny andro fahafito. Foanana ny izaho, ny fitiavana ny tena. Hoy ny ambaran'i Abraham Heschel ao amin'ny boky nosoratany "Ny Sabata," momba ny endriky ny asa izay tsy mitady tombontsoan'ny tena tokony atao amin'ny oran'ny Sabata: "Misy fotoana voafaritra izay hametrahana tanjona, tsy ny hanana fa ny ho tonga zavatra iray, tsy ny hahazo fa ny hanome, tsy ny hifehy fa ny hizara, tsy ny hampiaiky fa ny handresy

lahatra.” Ny endrika faharoa, dia ny fanompoantsika ireo sahirana, ireo mila fanampiana izay mitovy lanja amin’ny fanompoantsika an’Andriamanitra. Hoy ny nambaran’ily lehilahy hendry ao amin’ny Ohabolana “*Izay miantra ny malahelo dia mampisambotra an’i Jehovah*” - Ohab. 19:17, ary i Jesôsy ihany koa dia nanamarika hoe: “*Araka izay efa nataonareo tamin’ny anankiray amin’ireto rahalahiko sy anabaviko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.*” - Mat. 25:40. Ireny asa soa rehetra ireny dia nataontsika ho an’Andriamanitra avokoa. Ny Sabata no andro mendrika indrindra ametrantsika an’Andriamanitra ho lohalaharana satria amin’io andro io dia manafoana ny tenantsika isika fa manompo an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fanompoantsika ny hafa.

Nanimba sy nanaratsy ny endrik’Andriamanitra teo amin’ny olombelona ny fahotana. Mamerina ilay endrik’Andriamanitra very teo amin’ny olombelona kosa isika rehefa miasa manatsara ny fari-piainan’ny hafa. Maneho ny heviny i Ellen White tamin’ny alalan’ity asorany ity: “*Ny fivavahana diso rehetra dia mampianatra ny mpanaraka azy*

tsy hikarakara izay ilain’ny olona, ny fijaliany sy ny zony. Mametraka tombambidy ambony eo amin’ny olombelona ny filazantsara, amin’izy novidin’ny ran’i Kristy, ary nampianatra ny hijery amimpitiavana izay ilain’ny olona sy izay mampahory azy.” - IFM tt. 297,298.

Ireo karazana asampanompoana manana endrika fanavotana dia manampy ireo olona avotana sy ireo mpitazana hahita ny fitiavan’Andriamanitra sy ny heriny. Ary ho maro no voatarika hametraka an’Andriamanitra ho lohalaharana vokatr’izany.

Famintinana:

Ny fomba nitandreman’i Jesôsy ny Sabata no fomba iray hikorokorokoa ny toe-tsaina mametraka an’Andriamanitra ho lohalaharana, hampiharana ny fitsipi-pitondrantena mametraka an’Andriamanitra ho lohalaharana, hitarihana ny hafa hankamamy izany fitsipi-piainana izany koa. Rehefa ny Sabata no hatokantsika ho amin’ny fiaraha-midera, fianarana Baiboly, asa fanompoana, dia manjary ho

andro ankasitrahana indrindra, sy andro mahafinaritra indrindra amin’ny andro rehetra amin’ny herinandro ny Sabata, ho an’ny mpitandrina azy.

Hosaintsainina:

- Inona no misakana anao tsy hanandrana ka hanao ny Sabata ho andro hametrana an’Andriamanitra ho lohalaharana?
- Amin’ny fomba ahoana no tianao hampitomboana ny fanandramanao mahakasika ny Sabata?
- Misy olona fantatrao ve mandalo karazana fihakana sy fanenjehana vokatry ny fitandreman’ny Sabata? Ifampizarao ny anarany mba hanaovana vavaka fanelanelanana.

Ny voadiko: HITANDRINA ny SABATA, hanomana izany araka ny tokony ho izy rehefa Zoma, hitandrina ny eritreritra, ny asa sy ny fetra tokony sy azo atao mandritra izany.



ANDRO 6

FIFANEKENA MANDRITRA NY ANDROM-PIAINANA

Andriamanitra aloha satria manaiky fa izy no Tompo

Lio. 20:2-26

Ny fanoharana momba ny mpiasa tany, izay fantatra koa amin'ny hoe fanoharana ny amin'ny tanimboaloboka, dia hita ao amin'ny filazantsaran'i Matio, Lioka ary Marka; ahitana fahasamihafana kely avy izany. Ao amin'ny Lioka dia nampiasaina ho valinteny tamin'ny fifanandrinana nisy teo amin'i Jesôsy sy ny lohandohan'ny mpisorona, sy ny mpanora-dalana ary ireo loholona momba ny loharanon'ny fahefany izy ity: *“Lazao aminay: fahefana manao ahoana no anaovanao izao zavatra izao, ary iza no nanome Anao izany fahefana izany?”* - Lio. 20:2. Nampiasa ny fanoharana momba ireo mpiasa tany i Jesôsy mba hampisehoana ny loharanon'ny fahefany, ny fandavana izany fahefany

izany ary ny vokatr'izany izay mampalahelo. Mikasika ny fifanekena lehibe izay ataon'Andriamanitra amin'ny olombelona sy ny zavatra andrasany amin'ireo mpisitrika izany ity tantara ity. Ahoana no tokony havalintsika rehefa voatahy isika?

Fifanekena lehibe

Miantomboka amin'ny fifampiraharahana ara-barotra eo amin'ny tompon-tany manankarena iray sy vondrona tantsaha iray ny fanoharana. Rehefa vitany tsara ny tanimboalobony, dia nampanofainy tamin'ny tantsaha maromaro izany dia lasa nandeha lavitra ilay toerana nandritra ny fotoana ela izy. (Lio. 20:9). Fifanekena lehibe izany satria

tsy voatery hisy vola aloha farafahakeliny ireto tantsaha ary tsy nisy vola aloha voafaritraz mazava. Tsy nandoa vola na kely aza izy ireo raha niditra tamin'ity raharaham-barotra ity. Ankoatra izany dia manome ampahany amin'izay vokatra azo ho an'ity tompon-tany izy ireo. Amin'ny fotoana izay tsy hisian'ny fijinjana, na koa ratsy ny vokatra, dia voakasik'io toe-javatra mety hahafaty antoka io koa ilay tompon-tany. Tsy nisy noterena nanao ilay fifanekena, ary ny firaharahana dia natao tamin'ny fifampitokisana tanteraka. Fifanekena mandritra ny androm-piainana izany!

Manampy antsika hahazo ny vokatr'io fanoharana io avy hatrany ny andininy: *“Ary*



tamin'izany ora izany dia nitady hisambotra Azy ny mpanoradalàna sy ny lohan'ny mpisorona; nefa natahotra ny olona izy, satria fantany fa izy no nolazainy tamin'izany fanoharana izany."

- Lio 20:19. Ireo mpitondra firenena ireo dia nihevitra fa nasehon'i Jesôsy an-tsary tamin'ny alalan'ireo tantsaha izay nanao fifanekena izy ireo. Nanao fifanarahana malalaka tamin'ny Israely sy ireo mpitarika azy Andriamanitra; tamin'ny alalan'izany dia tonga fitaovana mandray ny fitahiany marobe izy ireo. Ho setrin'izany dia miandrindra azy ireo hiaiky ny maha-tompony azy Izy amin'ny alalan'ny fitondrana ny voan'ny fahaiza-mankasitraka sy ny fahatokiana mifandraika amin'ny fitahiana noraisina. Izany no fifanekena mandritra ny fiainana manontolo!

Nivelatra kokoa ny fampiharana nolazain'i Ellen White momba io fanoharana io: "Ny fanoharana momba ny tanimboaloboka dia tsy mahakasika ny firenena Jiosy ihany. Misy lesona ho antsika koa ao. Ny fiangonana amin'izao taranaka izao dia nahazo tombontsoa be sy fitahiana maro avy amin'Andriamanitra, ary miandrindra setriny mifanahaka amin'izany Izy." - Christ's Object Lesson, t. 296.

Nanome antsika fitahiana marobe amin'ny endriny maro samihafa ny Tompo ary amin'ny maha-tompon'izao rehetra izao Azy, dia manantena antsika hiaiky izany Izy.

Amin'ireo zavatra marobe izay noraisintsika avy amin'Andriamanitra, dia misy iray izay ikambanantsika tononin'ny Deo. 8:18 manokana, "*Fa tsarovy Jehovah Andriamanitrao, fa Izy no manome anao hery hahavory harena, mba haoriny ny fanekeny, izay nianianany tamin'ny razanao, tahaka ny amin'izao anio izao.*" Mety hiova arakaraka ny olona ny endrika sy ny haben'ny harena novokarina, fa *ny rehetra dia nomeny hery hahavory harena.* Manasa antsika fotsiny Izy mba hahatsiaro fa Izy no Tompony sy Mpanome ireo. Voalazan'i Ellen White fa mangetaheta ny handray voan'ny fahamasinana sy tsy fitiavan-tena avy amin'ny tanimboalobony i Kristy. (Christ's object lesson, t. 298). Fomba iray hanehoana ny fandraisantsika anjara ao amin'ny fifanekena dia ny famerenana amin'Andriamanitra ny ampahany amin'ny fitahiana izay noraisintsika amin'ny alalan'ny ampahafolon'ny Izy: "*Ary ny ampahafolon'ny omby, na ny ondry, na ny osy, dia ny ampahafolon'izay rehetra*

mandalo eo ambanin'ny tehin'ny mpiandry, ho masina ho an'i Jehovah." - Lev. 27:32. Nanoratra izao teny izao ny mpitondra hafatry ny Tompo: "Mangataka antsika Izy mba hiaiky Azy ho Mpanome ny zava-drehetra; noho izany antony izany no nitenenany hoe: natokako ho Ahy ny ampahafolon'ny zavatra rehetra izay anananao, ankoatra ireo fanomezana sy fanatitra izay tokony hoentina ao antrano firaketako" - Counsels on Stewardship tt. 80,81.

Naneho ny fitoviana misy eo amin'ny andraikitsika sy ny an'ny Israely fahiny koa izy: "Teo amin'ny toe-karen'ny Jiosy dia tena nitana anjara toerana manandanja teo amin'ny fanompoana an'Andriamanitra ny fanomezana sy ny fanatitra. Nampianarina mba hamerina ny ampahafolon'ny amin'ireo vola miditra aminy izy ireo mba ho an'ny fanompoana ao amin'ny fitoerana masina. Ankoatra izay dia tsy maintsy mitondra fanatitra noho ny ota, sy fanomezana an-tsitra-po ary fanati-pankasitrahana koa izy ireo. Ireo no fomba nentina nanohanana ny asa fitoriana ny filazantsara tamin'izany fotoana izany. Tsy miandrindra kely kokoa amintsika noho ny tamin'ireo olony fahiny Andriamanitra." - Christ's Object Lessons, t. 300.

Misy fitoviana tena manaitra tokoa eo amin'ny fanoharana momba ny tompon-tany sy ny famerenana ny ampahafolony: Mandray anjara ao anatin'ny toejavatra mety hahafaty antoka Azy koa Andriamanitra. Raha malemy na kilemaina ny biby fahafolo izay mandalo eo ambany tehina dia tsy mangataka solony Andriamanitra.

Fifanekena rava

Rehefa nampindrana ny tanimboalobony tamin'ireo vondrona tantsaha ity Tompony dia nanome toky ankolaka fa hamokatra vokatra misimisy ilay tany. Izay tokoa no zavany rehefa tonga ny fotoampijinjana. Diboka hafaliana tokoa ireo tantsaha noho ireo fijinjana zina mandra-pahatongan'ny fotoana nahatongavan'ireo mpanompo nirahin'ny tompon'ny tanimboaloboka. Hadinon'izy ireo ve ilay fifanekena? Sa nanantena izy ireo hoe hanadino ny fifanarahana hatramin'ny voalohany ilay tompony? Na izany na tsy izany dia nisafidy ny tsy hanome voninahitra ny fifanarahana natao izy ireo. Indroa ireo mpanompo no tonga nanontany izay anjara tokony ho an'ny Tompony; indroa koa ireo tantsaha no nandroaka azy ireo tanam-polo. (And. 10,11). Tahaka ny hoe tsy ampy izay, fa mbola tezitra tamin'ny fampahatsiahivana avy amin'ny Tompony izy ireo ka nampijaly ireo mpanompo. Ary niitatra hatramin'ny fikapohana ireo mpanompo sy fanalam-baraka ary fandroahana azy ireo miaraka amin'ny ratra izany. Tapaka ny fifanekena.

Ny mahaliana dia nanapakevitra ny haneho faharetana bebe kokoa tamin'ireto tantsaha tsy mahay mankasitraka ireto ilay tompon-tany. Naniraka mpanompo hafa indray izy,

nefa tsy nahitana vokany. Nony farany dia naniraka ny zanany malalany izy: *“Dia hoy ny tompon'ny tanimboaloboka: inona re no hataoko? Haniraka ny zanako malalako aho; angamba hanaja azy izy”* - Lio. 20:13. Tsy fisian'ny fanajana no niheveran'ilay tompony ny olana. Indrisy anefa fa ratsy indrindra ny anjara niandry ilay zanany: *“Fa raha nahita iny ny mpiasa tany, dia niara-nisaina izy ka nanao hoe: Ity no Mpandova; andeha hovonointsika io, mba ho antsika ny lova. Dia nandroaka azy tany ivelan'ny tanimboaloboka izy ka namono azy.”* - Lio. 20:14,15. Io fihetsika farany io no maneho ny tena eritreritr'ireo mpiasa tany. Tsy hoe olana momba ny fanomezana ampahany amin'ny vokatra ho an'ny Tompony fotsiny fa olana momba ny faniriana hisolo toerana ny tompony. Tsy te ho eo ambany fahefan'ny Tompony izy ireo. Izy ireo ihany no tiany hanapaka ny tenany ary ny tsy fizarana ny vokatra dia tsy inona fa fomba fisehon'io antony nanosika azy ireo io.

Ny tantaran'ny Isiraely fahiny dia manamarina ny fomba ratsy nitondran'izy ireo ireo mpitondra hafatra samihafa izay nirahin'Andriamanitra tamin'ny fotoanandro. Nolavin'izy ireo ny fiandrianan'Andriamanitra teo amin'ny tanim-boalobony dia ny Isiraely. Tamin'ny fotoana izay nanaovan'i Jesôsy ilay fanoharana dia efa nioko ny hamono ilay Zanaka lahy malala izy ireo mba hahafahan'izy ireo mijanona ho mpifehy.

Mety hahazo antsika Kristianina koa ve ny tsy fanatanterahana ny anjarantsika amin'ilay fifanarahana - ilay fifanekena?

Ny andininy ao amin'ny Malakia dia afaka hanampy

antsika hamaly izany fanontaniana izany. Vakintsika ao amin'ny Mal. 1:6a, *“Ny zanaka manaja ny rainy, ary ny mpanompo ny tompony; koa raha Ray aho, aiza ary izay hajako? ary raha Tompo Aho, aiza izay tahotra Ahy? hoy Jehovah Tompon'ny maro.”* Manameloka ny zanany Andriamanitra eto noho ny tsy fanehoam-boninahitra sy ny tsy fanajana ny maha-Izy Azy. Ny resaka nifanaovan'Andriamanitra tamin'ireo mpitarika ny Isiraely dia mitohy maneho ho azy ny endrika isehoan'io tsy fanajana io: *“Ianareo mpisorona izay manamavo ny anarako. Nefa manontany hoe: amin'ny inona no anamavoanay ny anaranao? Amin'ny fitondrana hanina voaloto eo amin'ny alitarako. Nefa ianareo manao hoe: amin'ny inona no andotoanay Anao? Amin'ny fanaovanareo hoe: ny latatratr'i Jehovah dia fanazimbazimba.”* Ary raha jamba no hoentinareo hovonoina hatao fanatitra, tsy ratsy hoe izany! Ary raha mandringa sy marary no entinareo, tsy ratsy hoe izany! Atero ho an'ny governora mpanapaka anareo ange izany! Moa hahazo sitraka na fitia aminy va ianao? hoy Jehovah Tompon'ny maro.” - Mal. 1:7,8. Miharihary tamin'ny zavatra naveriny tamin'Andriamanitra ny fanevatevan'izy ireo ny fahefany, araka izay voalaza ao amin'ny Mal. 3:8-9: *“Handroba An'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy ianareo? Nefa hoy ianareo: amin'ny inona no androbanay Anao? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. Voaozona amin'ny ozona ianareo nefa Izaho no robainareo, dia izao ianareo rehetra iray firenena izao.”*

Afaka manapaka ny fifanarahana isika - dia ilay fifanekena tamintsika sy

Andriamanitra, ilay Mpanome hery antsika hahavory harena - amin'ny tsy famerenana mihitsy ny ampahafolony, amin'ny tsy famerenana ny ampahafolony amin'ny zavatra rehetra, amin'ny tsy famerenana ny ampahafolony amin'ny fatra tsy tokony ho izy, amin'ny tsy fandefasana ny ampahafolony any amin'ny toerana tokony hanaovana izany, ary amin'ny fampiasana ny ampahafolony amin'ny fomba tsy tokony hampiasana izany.

Vokatra mahatsiravina

Andao hiverina amin'ilay fanoharana mba hahazoana mahazo tsara ny maha-zavadoza ny tsy fanatanterahana ny anjarantsika amin'ny fifanekena izany. Nofaranan'i Jesôsy tamin'ireto teny ireto ilay fanoharana: *“Hataon'ny tompon'ny tanim-boaloboka ahoana moa izy amin'izany? Hankany izy ka hamono ireo mpiasa tany ireo, ka homeny olon-kafa ny tanim-boaloboka.”* - Lio 20:15-16. Tsy natoky azy ireo intsony ny tompon-tany, ary dia nihatra tamin'izy ireo ny famaizana faratampony.

Misy fahasamihafana ve ny vokatra raha tsy mamerina ny ampahafolon'Andriamanitra isika amin'izay vola miditra amintsika? Andriamanitra mantsy dia nilaza izao teny izao ao amin'ny Sal. 50:9-12: *“Tsy maka vantotr'ombilahy amin'ny tranonao Aho, na osilahy amin'ny valanao; Fa Ahy ny biby rehetra any an'ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-tendrombohitra. Fantatro ny vorona rehetra eny an-tendrombohitra; ary eto amiko ny zava-mihetsiketsika eny antsaha. Raha mba noana Aho, dia tsy hilaza aminao; fa Ahy izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy.”*

Tsy mila ny harenantsika Andriamanitra, na kely izany na betsaka. Zava-dehibe kokoa noho izany no olana eto - tsy inona izany fa ny tsy fanomezam-boninahitra sy fanajana ny fahefany amin'ny maha-Tompo sy Tompon'ny zavadrehetra Azy. Io no tena ivon'ny fahadisoan'ireto mpiasa tany ireto. Ny tenin'ny apôstôly Paoly dia milaza mazava ny maha-zavadehibe ny fanekena ny maha-Tompo an'i Jesôsy: *“Raha milaza eo am-bavanao ianao hoe: ‘Jesosy no Tompo’ka mino amin'ny fonao fa efa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty izy, dia ho voavonjy ianao.”* Nasehon'i Ellen White ny fifandraisana misy eo amin'ny fanaovana ampahafolony sy ny fanekena an'i Jesôsy: *“Ny ampahafolony sy ny fanatitra dia fanekena ny zony amintsika tamin'ny alalan'ny FAMORONANA, ary fanekena ny zony amintsika amin'ny FAMONJENA koa ireo. Satria ny herintsika rehetra dia avy amin'i Kristy, ireo fanatitra ireo dia hanandratra antsika ho any amin'Andriamanitra. Hitahiry eo anatrehantsika mandrakariva ny asan'ny fanavotana, izay zo lehibe indrindra mahakasika ny olon-drehetra ireo”* - Testimonies to the church, b. 6, 479.

Mihoatra lavitra noho ny fandraharahana ara-bola ny famerenana ny ampahafolony; fanehoana ny fankatoavana ny maha-Tompo an'i Jesôsy izay nandray ny zavatra rehetra avy amin'ny Ray izany.

Famintinana

Tsy nanatsoaka ny teniny Ilay Tokana izay nampanantena antsika fa hanome hery hahavory harena. Mahatoky Izy. Fifanekena mandritra ny androm-piainana izany.

Nandritra ity herinandro manokan'ny fitantanampianana ity dia nampahatsiahy antsika tamim-paharetana sy tamim-pitiavana ny zavatra takiny Izy. Marina fa mety hahasorena antsika ny fampahatsiahivana antsika momba ny andraikitsika amin'ny lafiny ara-bola, tahaka izay nitranga tamin'ireo mpiasa tany tao amin'ny fanoharana. Andeha handinika ny amin'ny mety ho asetrintsika izany isika. Zava-dehibe mihoatra noho ny fototra ara-bola no voafaoka ao - raha izany, hifidy ny hanao an'Andriamanitra ho lohalaharana ve aho?

Hosaintsainina

- Zarao ny fahatokian' Andriamanitra momba ny teny fikasany hoe: «hanome anao hery hahavory harena aho» teo amin'ny fiainanao.
- Inona no mampanano sarotra ny fanatanterahantsika ny anjarantsika ao anatin'ilay fifanekena?
- Irinao ve ny hitondrana anao amim-bavaka eo am-pisafidiananao hanaja an'i Jesôsy amin'ny maha-Tompo ny zavatra rehetra, Mpanome ary Tompo Azy?

Ny voadiko: Hamerina amim-pahatokiana ny ampahafolon'ny Tompo (10%on'ny vola miditra amiko).



ANDRO 7

MALALA-TANANA ... NA DIA MAHARARY AZA IZANY

Mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana amin'ny alalan'ny fanatitra feno fahafoizan-tena

Lio. 21:1-4

Nisy olona iray namaly ny fanehoan-kevitra tao amin'ny tambajotran-tserasera “facebook,” izay nampirisika ny fahalalahan-tanana: “*Nahoana no mbola asaintsika manolotra ihany ny olona kanefa izy ireo aza mijaly???*” Mety hahavery hevitra na dia ireo mpampianatra mafana fo momba ny fitantanam-piainana kristianina aza ireo teny ireo. Mbola rariny ve ny manao antso ho amin'ny fanolorana ao anatin'izao andro sarotra izao? Ny fanehoan-kevitr'i Jesôsy momba ny fanomezana nataon'ilay vehivavy mahantra, mpitondra tena, voarakitra ao amin'ny Lio. 21:1-4, dia mitondra fanazavana tsara kokoa momba ny lohahevitra ara-pivavahana mikasika ny fanolorana na dia sarotra aza ny toe-javatra misy eo amin'ny fiainana.

Fanatitra ao anatin'ny andro sarotra

Nanoratra momba ny hevitr'i Jesôsy mahakasika ireo fanomezana natolotr'ireo mpivavaka sasany tao amin'ny tempolin'i Jerosalema i Lioka. “*Ary Jesosy nanopy ny masony nahita ny mpanankarena mandatsa-drakitra tao amin'ny fandatsahan-drakitra; ary nahita mpitondratena malahelo anankiray koa mandatsaka farantsakely roa teo Izy. Dia hoy Izy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra. Fa ireo rehetra ireo, dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao amin'ny rakitra; fa izy kosa tamin'ny fahantrany no nandatsahany ny fivelomany rehetra izay nananany.*” - Lio. 21:1-4.

Ao amin'io an-dalan-teny io dia hita taratra tamin'ny fisehoana ivelan'ny mpivavaka ny toe-bolan'izy ireo. Ny sasany nanan-

karena, ary ity anankiray ity dia mpitondratena mahantra.

Araka ny voalazan'i Ellen White dia nety ho nanosika ny sasany hanakivy azy tsy halalalanana ny toe-bolany: “*Betsaka no ho nanoro hevitra azy hitana ny vola keliny hampiasainy ho an'ny tenany ihany; raha atao eo ampelatanan'ny mpisorona efa tsara tohana izany, dia tsy ho hita ao anatin'ireo fanomezana sarobidy maro nentina tao amin'ny trano fitehirizana.*” - IFM, t. 656.

Mifanohitra amin'izany anefa, tsy nametra-panontanianana ny amin'ny mampety na ny maha-mendrika ny fanomezana nataon'ilay mpitondratena i Jesôsy. Raha ny heviny dia efa fanao mahazatra ny mpivavaka mpanankarena sy mahantra ny mampiditra ao anatin'ny fivavahan'izy ireo ny fanatitra. Ny fandraisana anjara amin'ny fanolorana fanatitra dia tsy



natokana ho an'ny mpanan-karena ihany na ho amin'ny fotoan'ny fisiana. Tamin'ny andro fahiny dia naniraka ny mpaminany Elisa hangataka sakafo tany amin'ny mpitondratena iray hafa ao amin'ny Baiboly Andriamanitra, izay tsy nanana afa-tsy diloilo sy koba kely sisa mba hanaovan'izy sy ny zanany lahy sakafo farany.

Tao amin'ny taratasy maro izay nosoratany, dia nanao antso hanangonam-bola ho an'ny fiangonana tao Jerosalema i Paoly (Rôm. 15:25-28; 1 Kôr. 16:1-4; 2 Kôr. 8,9). Momba ny mosary nanjo izao tontolo izao sy ny fanjakana rômanina rehetra ny tontolon-kevitra eto (Asa. 11:27-30). Voalazan'ny andalan-tenin'i Paoly anankiroa fa ireo nasaina mba handray anjara dia niaina tao anatin'ny *"fahoriana miseho ankehitriny"* (1 Kôr. 7:26) sy ny *"fahoriana be nizahan-toetra azy."* (2 Kôr. 8:2)

Nidera manokana ireo Makedôniana i Paoly tahaka ny nideran'i Jesôsy ilay mpitondratena mahantra: *"Fatamin'ny fahoriana be nizahan-toetra azy no nitomboan'ny hafaliany, ary ny hamafin'ny fahantrany no nampitombo ny hitsim-pony. Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany, no nanomezany, sady nangataka mafy taminay koa izy mba havelanay hikambana amin'izany fanompoana ho an'ny olona masina izany."* - 2 Kôr. 8:2-4. Mazava izany fa tsy nataon'Andriamanitra ho an'ny mpanan-karena ihany ny fanolorana fa ho an'ny mpino rehetra mihitsy.

Fanatitra feno fahafoizan-tena

Nanao fanambarana mahaliana tokoa momba ny fanatitra nataon'ilay mpitondratena i Jesôsy: *"Io mpitondratena io no efa nandatsaka be noho izy rehetra."* Ny fanombanana nataon'i Jesôsy dia tsy niankina tamin'ny habetsahan'ireo farantsa kely anankiroa. Nijery ny fanahin'ny fahafoizan-tena sy ny fahatokiana nasehon'ilay mpitondratena i Jesôsy; *"nandatsaka ny fivelomany rehetra izany nananany"* izy. Raha nampitaha ireo fanomezana natolotr'ireo mpanan-karena sy ny fanomezana bitik'ilay mpitondratena i Ellen White dia izao no nolazainy: *"Tsy nitarika fihafiana taminy ny fanomezany be dia be na teo amin'ny fiadanany, na teo amin'ny zavatsa nanaranany fo aza; tsy nitaky fahafoizan-tena izany, ka tsy azo ampitahaina raha ny tombambidiny amin'ny farantsakelin'ilay mpitondratena."* - IFM, t. 657. Izao koa no nosoratany: *"Io toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena io sy io finoana toy ny an'ny zaza io no noderain'ny Mpamonjy."* - IFM, t. 657

Ny tena tombambidin'ny fanatitra natolony dia hita tamin'izay sisa tavela taorian'ny fanolorany, sy ny fatran'ny finoany fa tsy tamin'ny habetsaky ny zavatra natolony.

Tsy mety ny mieritreritra fa ny Baiboly dia mampirisika ny fanomezana sombiny kely fotsiny amin'ny tombambidy na ny zavatra tsara mba hatao fanatitra. Vakintsika ao amin'ny Deo. 15:21, *"Fa raha misy kilemany izy: na mandringa, na jamba, na izay kilema ratsy hafa akory, dia aza vonoinao hatao fanatitra ho an'i Jehovah Andriamanitrao ireny."* Tsy maintsy maneho ny tsara indrindra azontsika atolotra ny fanatitra ataontsika. Ankoatra izay dia naneho ohatra azo iaingana hikajantsika ny fanatitra hatolotsika ny Baiboly. Fanaon'ny zanak'Isiraely ny mitondra ny fanatitr'izy ireo tao an-tempolin'i Jerosalema rehefa niakatra hamonjy ireo fotoan-dehibe anankitelo izy ireo. Nanome toromarika mazava

tsara ho azy ireo momba io fanao io Andriamanitra. *"Ny tsirairay avy aminareo dia tsy maintsy mitondra fanatitra mifanentana amin'ireo fomba nitahian'Andriamanitra anareo."* Tsy tokony kajina amin'ny alalan'ny fampitahana ny fanatitra atolotry ny hafa ny fanatitra atao. Tsy hoe tombambidy heverina ho tsara sy azo ekena fotsiny no atao. Nofaritana tamin'ny haben'ny fitahiana noraisina izany. Ny fanatitra feno fahafoizan-tena dia manery ny tenanao hanome izay tsara indrindra azo atao avy amin'ny karama azonao tamin'ny Tompo. Ary avelan'Andriamanitra ho an'ny tsirairay avy amintsika ny manao izany safidy izany.

Nasehon'i Ellen White fa ny fanatitra feno fahafoizan-tena no notendren'Andriamanitra ho an'ny mpanome.

"Ny tsy fisian'ny fahafoizan-tena, ao amin'ireo izay nilaza ho mpanaraka Azy dia nojeren'Andriamanitra ho toy ny fandavana ilay anarana hoe Kristianina. Ireo izay milaza azy fa iray amin'i Kristy, nefa mampanaram-po ny fitiavan-tenany amin'ny akanjo, sy fitaovana ary sakafo lafo vidy dia Kristianina anarany fotsiny. Ny hoe Kristianina dia manahaka an'i Kristy." - Review & Herald, 13 Oktôbra, 1896.

Ohatra mivaingana tao amin'ny fitsanganana, ny fiainana ary ny fahafatesan'i Jesôsy ny fanatitra feno fahafoizan-tena. Nantsoina isika mba hanao an'i Jesôsy ho môdelintsika sy ho fakan-tahaka eo amin'ny fanolorana. Mitombo ho tonga mpanome feno fahafoizan-tena ny mpino rehefa mifidy ny ho hendry sy ho tsotra izy ireo eo amin'ny fandaniana ataony.

Manolotra amim-pitiavana

Talohan'ny nitantarana ny tantaran'ny fanatitra nataon'io vehivavy mpitondratena io, dia nitatitra momba ny tsy fankasitahan'i Jesôsy ireo mpitarika jiosy sasantsasany i Lioka. *"Mitandrema ny amin'ny mpanora-dalàna, izay mazoto*

mandehandeha miakanjo akanjo lava, ary te-hoharabain'ny olona eny an-tsena, sady tia ny fipetrahana aloha eo amin'ny synagoga sy ny fitoerana aloha eo amin'ny fanasana.” – Lio. 20:46. Tsy nankasitraka ny fitadiavana fankasitrahana sy voninahitra izay antony nanosika ny zavatra nataon'ireto mpitarika ireto i Jesôsy. Antony hafa mihitsy no nanosika ity mpitondratena ity. Milaza amintsika i Ellen White hoe: *“Lasa niaraka tamin'ny fanomezany ny fony; tsy ny vidin'ny vola fa ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny tombontsoa hitany eo amin'ny asany izay nanosika ny fihetsiny no nanombanana izany.”* - IFM, t. 656.

I Jesôsy, izay tsy misy zavatra miafina Aminy, dia nahalala ny antony nanosika ity vehivavy mpitondratena mahantra ity. Nanome, tsy niandry tambiny, ho an'Andriamanitra sy ny asany izy.

Any amin'ny andininy sasantsasany Andriamanitra dia maneho ny hatezerany amin'ireo endrika sasantsasany hisehoan'ny fanatitra fahafaoizantena: *“Hataoko inona ny zavatra betsaka vonoinareo ho fanatitra? hoy Jehovah; Efa tofoka ny ondrilahy atao fanatitra dorana sy ny savoran'ny zanak'omby mifahy Aho, Ary tsy sitrako ny ran'ny vantotr'ombilahy sy ny an'ny zanak'ondry ary ny an'ny osilahy.”* - Isa. 1:11.

Azontsika tsara kokoa ny faharikorikoan'Andriamanitra amin'ny fanatitra be dia be rehefa jerentsika ny fahasamihafana misy amin'ny fanolorana fanatitra feno fahafaoizan-tena sy feno fitiavana. *“Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahaso ahy akory izany.”* - 1 Kôr. 13:3. Ny fanomezana feno fahafaoizan-tena dia tsy midika hatrany fa maneho fihetsika feno fitiavana isika. Matetika ny fitiavana dia miseho amin'ny alalan'ny fanolorana, nefa tsy ny fanolorana rehetra no

entanin'ny fitiavana. Ireo fanatitra ireo dia nety ho nentanin'ny fahazarana, ny fanarahan-dalàna, ny fanantenana valisoa, ny tahotra sazy, ary antony hafa izay tsy mifandraika amin'ny fitiavana. Ireo fanolorana ireo dia tsy misy vidiny eo imason'Andriamanitra. Ahoana àry no hahazoantsika antoka fa ny fanolorantsika dia entanin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa?

Nanazava ny apôstôly Paoly hoe ahoana no nahatonga ny fitiavana ho hery manosika ao ambadiky ny asany: *“Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay, satria izao no hevitrany: maty ny Anankiray hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra.”* - 2 Kôr 5:14. Ny fahazoana antoka fa maty i Kristy mba hahazoany ho velona, no antony lehibe nanosika an'i Paoly handroso. Arakaraka ny andinihantsika lalina momba ny fanoloran-tenan'i Jesôsy ho antsika, sy arakaraka ny anehoantsika ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny famelan-kelony, dia arakaraka izay koa no mahatonga ny asantsika sy ny fanolorantsika ho entanin'ny fitiavana. Manoritsoritra ny fomba hahatonga antsika ho mpianatra mafana fo i Ellen White: *“Raha mitoetra ao am-po i Kristy, dia ho feno fitiavana Azy sy ho diboky ny fifaliana noho ny firaisana Aminy ny fanahy, ka hifikitra Aminy; ary eo amin'ny fibanjinana Azy dia ho hadino ny tena. Ny fitiavan'i Kristy no vy miaina manetsika amin'ny atao rehetra.”* - DHK edisiona faha-100 taona, t. 53.

Ny voanteny «mitoetra,» «miray,» «torotoro,» «mibanjina» dia milaza momba ny fifandraisana ety amin'Andriamanitra sy ny olona, ary ny vokany, “dia ny fitiavan'i Kristy no manery amin'ny asa atao.” Ireo izay ankasitrahana'Andriamanitra dia hovolavolain'ny halalin'ny fanolorana ny firaisany amin'i Jesôsy.

Famintinana

Ilay nanolotra ny fiainany ho antsika, mba hananantsika fiainana mandrakizay, dia manasa antsika mba ho mpanome amin'ny fotoana rehetra. Ny fanatitra ataontsika dia tokony hifanentana amin'ny fitiavana izay nasehon'Andriamanitra tamintsika: nofoanany ny lanitra mba hitondra famonjena ho antsika. Andeha isika hisafidy ny ho Mpanome ankasitrahana'Andriamanitra. Hoy i Ellen White: *“Ireo izay mahatsapa ny faneren'ny fitiavana an'Andriamanitra, dia tsy hanontany akory ny hakelin'ny zavatra omena mba hahafeno ny fitakian'Andriamanitra.”* - Steps to Christ, p.44.

Eo amin'ny fiarahantsika miombona antoka amin'Andriamanitra dia matetika isika no mionona amin'ny zavatra kely. Ankehitriny anefa, rehefa ny fitiavana no mitarika antsika, dia tsy hametraka zavatra hafa afa-tsy izay tsara indrindra isika.

Hosaintsainina

- Efa mba voataonan'ny toetsaina feno fahafaoizan-tena nananan'ny olona iray ve ianao?
- Inona ireo fihaikana izay atrehintsika amin'ny fiezahantsika ho malalantanana amin'izao vaninandro iainantsika izao?
- Ahoana no fomba tianao hitomboana mba ho tonga mpanome ankasitrahana'Andriamanitra?

Ny voadiko: HANOKANA ampahany (...%) amin'ny vola raisiko ho FANATITRA ho an'ny Tompo.